



MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA



FANDAHARAM-PIBEAZANA

T3

**DIRECTION DES CURRICULA ET DES RECHERCHES
PÉDAGOGIQUES**

TSY AZO AMIDY

ARRETE

TENY FANOLORANA

Amin'ny maha Minisitry ny Fanabeazam-pirenena ahy, dia hafaliana lehibe ho ahy ny mampahafantatra anareo ity fandaharam-pibeazana ity, izay natao hampiakarana ny kalitaon'ny fampianarana sy fianarana amin'ny sehatra maro samihafa, manomboka any amin'ny fanomanana ny zaza ao amin'ny akany fibeazana ka hatrany amin'ny ambaratonga ambony. Anisan'ny tena laharam-pahamehana amin'izany ny fanovana sy fanatsarana ny fandaharam-pianarana, izay ilaina tokoa mba hifanaraka amin'ireo fanamby ara-tsosialy sy ara-toekarena eto amin'ny firenena. Tsy adino anefa fa i Madagasikara dia firenena manana fari-piadihana sy zava-misy samihafa isam-paritra. Noho izany, dia hatokana ihany koa ny ezaka manokana ho an'ny faritra tsirairay, arakaraka ny filàna sy ny zava-misy eny ifotony, mba hahafahana manome fampianarana manara-penitra sy mahomby ho an'ny ankizy sy ny tanora manerana ny nosy.

Mikendry ny hamolavola fandaharam-pibeazana mazava sy mora ampiasain'ny mpampianatra ity fanovana sy fanatsarana ity. Voafaritra ao anatin'izany ireo voka-pianarana isaky ny taranja, ary koa ny fampidirana ireo soatoavina ara-kolontsaina malagasy sy ny fitrandrahana am-pahamendrehana ireo otrikarena isam-paritra.

Manolotra torohevitra sy tari-dalana mazava ary amin'ny antsipiriany ho an'ny mpampianatra ihany koa ity fandaharam-pibeazana ity, mba hanamora ny fampianarana sy fianarana. Izany rehetra izany dia natao hahafahan'ny mpianatra ho tena ivon'ny fianarany sy hampivelatra ireo fahaiza-manao ilainy amin'ny fiainana andavanandro.

Ampirisihina araka izany ny mpampianatra mba hamaky tsara ity fandaharam-pibeazana ity ary hanaraka ny torolalana ao anatin'ny. Zava-dehibe ihany koa ny fampiasana fitaovana sy fomba fiasa mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana, mba hanomezana fahafaham-po kokoa ny filàn'ny mpianatra.

Ny ambaratonga voakasiky ny fanovana sy fanatsarana dia manomboka amin'ny fanomanana ny zaza ao amin'ny Akany Fibeazana, mialoha ny ambaratonga fototra.

Ity fanovana sy fanatsarana ny fandaharam-pibeazana ity dia natao indrindra mba hahafahan'ny mpianatra eto Madagasikara mahazo fahaiza-manao fototra sy manan-danja, izay ilaina amin'ny hoaviny sy hahomby amin'ny fiainany.

ZAVA- KENDREN'NY FANABEAZANA

● **Ny voka-pianarana iombonana amin' ny taranja rehetra**

Maneho ireo tanjona lehibe kendren'ny rafi-panabeazana ireo voka-pianarana iombonana amin' ny taranja rehetra ireo. Nosokajiana ho vondrom-pahalalana efatra (4) ireo voka-pianarana iombonana ao anatin'ny fandaharam-pibeazana :

1. Ny fifandraisana

- Maneho sy mampita hevitra mazava, mifanaraka amin'ny sehatra ifandraisana amin'ny alalan'ny teny malagasy, teny frantsay, teny anglisy ary amin'ireo endrika fifandraisana ivelan'ny fiteny toy ny sary, mozika, dihy, tantara an-tsehatra.
- Mampiasa araka ny tokony ho izy ny teknôlojiam-pifandraisana sy ny serasera (TIC) amin'ny sehatra samihafa mba hifandraisana, hamoronana ary hitondra zava- baovao.

2. Ny toe-tsaina tia manadihady sy tia mamorona ary mamaha olana

- Mamantatra sy manadihady amin'ny teny malagasy, teny frantsay, teny anglisy ireo torohay voarainy tany amin'ny loharano isan-karazany, anisan'izany ny haino vaky jery, amin'ny saina tia karokaroka, mahay mandinika sy mandanjalanja
- Mizara ny fomba fijery sy manamarina izany amin'ny alalan'ny tohan-kevitra
- Mamantatra sy mamaha olana, mandray fanapahan-kevitra irery na miaraka amin'ny hafa amin'ny saina tia mitsikera sy tia mamorona ary manaraka lojika

3. Ny fivelarana ara-piarahamonina

- Mandray anjara mavitrika sy ara-pirahalahiana amin'ireo asa iombonana sy hetsika iarahana
- Maneho sy manaja ny zo sy adidy ary ny zon'ny hafa araka izay eken'ny fiarahamonina
- Manaja sy manome lanja ny fahasamihafana ara-kolontsaina
- Maneho ny anjara toerany sy ny andraikiny amin'ny maha olom-pirenena malagasy sy miaina eo anivon'izao tontolo izao
- Maneho toetra amam-pihetsika tompon'andraikitra amin'ny fiarovana sy fikajiana ny tontolo iainana

4. Ny fivelarana amin'ny maha olona

- Mikaroka sy mitrandraka ireo vakoka sy harena ara- kolontsaina
- Mampiasa ireo fiteny ifampiresahana any amin'ny faritra, horeharehany amin'ny fananana fiteny miavaka
- Manohana ara-kevitra ny safidiny araka ny soatoavina sy fahendrena malagasy na iraisam-pirenena
- Maneho fahatokisan-tena sy fizakantena ary fikirizana
- Manana tanjona mazava amin'ny fianarana, hoenti-manana asa sy mamorona asa
- Manome lanja ny fahaiza-manao azo avy amin'ireo taranja samihafa hanomanana ny hoaviny
- Maneho toe-tsaina tia mifaninana amin'ny fomba mendrika sy manana « fair-play »

● **Ny voka-pianarana ankapobeny**

Ireo voka-pianarana ankapobeny dia :

- Mamaritra izay tokony ho fantatra sy ho vitan'ny mpianatra ao anatin'ny taranja iray
- Mamintina ireo zava-kendrena isaky ny taranja (fahalalana, fahaiza-manao ary fitondran-tena) mandritra ny taom-pianarana
- Manampy amin'ny fanatanterahana ireo voka-pianarana iombonana amin'ny taranja rehetra ny fanatrarana ny voka-pianarana ankapobeny.

● **Ny voka-pianarana manokana**

Mamaritra ny fahalalana, fahaiza-manao ary fahaiza-miaina tokony ho azon'ny mpianatra ao anatin'ny taranja tsirairay ireo voka-pianarana manokana. Manamafy sy manampy amin'ny fahatratrarana ny voka-pianarana ankapobeny ny fahazoana ireo voka-pianarana manokana.

FANOVANA MIFANARAKA AMIN'NY FANDAHARAM-PIANARANA VAOVAO

● Fanovana anarana

Amin'ny alalan'ny fampifanarahana amin'ny fiteny iraisam-pirenena, dia nasiana fanovana ny voambolana, ka ny « fandaharam-pianarana » dia niova ho « fandaharam-pibeazana »

● Taranja vaovao nampidirina

Nampidirina ireo taranja vaovao ho setrin'ny ny hetahetan'ny fiarahamonina amin'ny sehatra ara-tsosialy sy ara-toekarena, sady ho fitandroana ny fahendrena sy ny kolontsaina malagasy :

- « Zavakanto » T1 hatramin'ny T5, « Arts » T6 hatramin'ny T9 ;
- « Sciences et Technologie » (ST), T4 sy T5 ;
- « Anglais » T4 hatramin'ny T12 ;
- « Fanabeazana ho Olompirenena Vanona » (FOV) T1 hatramin'ny T9, « Éducation À la Citoyenneté » (EAC), T10 sy T11 ;
- « Sciences Économiques et Sociales » (SES) T10 hatramin'ny T12 ;
- « Technologie de l'Information et de la Communication en Education » (TICE), T10 sy T11.

● Fomba fiasa vaovao

Ny fandaharam-pibeazana dia miompana amin'ny voka-pianarana ka manantitrantitra ny fahafahan'ny mpianatra maneho ny zavatra hainy amin'ny fiakaran'ny taranja na sahanasa iray.

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny dingam-pianarana ny fampiharana, indrindra ny sahanasa ivelan'ny kilasy (extra-muros), ary koa amin'ny famolavolana sy fanatanterahana asa mifandraika amin'ny zavatra ianarana.

● Rafitra vaovao

Entanina ny mpampianatra hamaky sy handinika tsara ireo voatoatiny ao anatin'ny fandaharam-pibeazana, toy ny :

- zava-kendren'ny fandaharam-pibeazana ;
- fandaminana ny fandaharam-pibeazana isaky ny taranja ;
- fitarihana ara-pedagogia ankapobeny ho an'ny taranja.

● Ireo fahaizana kendrena

Ny fandaharam-pibeazana dia mikendry ny hampivelatra fahaizana telo (03) lehibe ahafahan'ny mpianatra mandray anjara mavitrika eo amin'ny fiarahamonina sy ny tontolon'ny asa :

- Fahaizana mifandray
- Fahaiza-misaina
- Fahaiza-miaina ara-piarahamonina sy ara-toe-po

Ireo fahaizana ireo dia hampivelatra ny maha-izy ny mpianatra mandritra ny fianarany sy amin'ny fiainana andavanandro izany.

LANJAN'ORA

Malagasy	7 ora
Français	5 ora 50 min
Mathematika	7 ora
Fanabeazana ho olompirenena vanona	2 ora
Zavakanto	2 ora
Education physique et sportive	2 ora

FAHENDRENA VOIZINA

Valeurs à véhiculer (Fahendrena voizina)	Malagasy	Français	Matematika	FOV	EPS	Arts
Persévérance, rigueur (Fikirizana, Fanenterana)	X	X	X	X	X	X
Goût de l’effort, du beau et de l’excellence (Fitiavana ezaka sy fikatsahana ny tsara indrindra)	X	X	X	X	X	X
Respect des biens communs (Fanajana ny soa iombonana)				X	X	X
Estime de soi et confiance en soi (Fanomezan-danja ny tena sy Fahatokisan-tena)	X	X	X	X	X	X
Citoyenneté et Patriotisme (Maha olompirenena sy fitiavan-tanindrazana)	X	X		X		
Autonomie (Fizakan-tena)	X	X	X		X	
Engagement envers autrui, respect de la vie, sens de la responsabilité (Fandraisana andraikitra amin’ny hafa, Fanajana ny hasin’ny aina, Fandraisana andraikitra)	X	X	X	X	X	X
Tolérance, empathie, ouverture d’esprit, solidarité(Fandeferana, fahaizana mahatsapa sy mahatakatra ny fihetseham-pon’ny hafa, fifampiresahana, fanajana ny fahasamihafana, fahalalahan-tsaina, firaisankina)	X	X	X	X	X	X
Altruisme, respect mutuel (Fitsinjovana ny hafa, fifanajana)	X	X	X	X	X	X
Justice et équité (Fahamarinana sy fitoviana ara-drariny)	X			X	X	

FIZAHAN-TAKILA

MALAGASY	9
FRANÇAIS.....	22
FANABEAZANA HO OLOMPIRENENA VANONA	45
MATEMATIKA	62
ZAVAKANTO.....	88
ÉDUCATION PHYSIQUE ET SPORTIVE	106

MALAGASY

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny fandaharam-pibeazana dia mikendry ny fampivelarana ireto fahaiza-manaon'ny mpianatra ireto :

- mihaino sy mahatakatra ny ambara amin'ny teny malagasy ;
- mifampiresaka am-pahombiazana am-bava ;
- mamaky teny sy mahatakatra ny hevitra raketin'ny lahatsoratra ;
- manoratra fehezanteny, lahatsoratra ka manaja ny rafitra sy ny fitsipika
- mampiasa ny teny malagasy ho fitaovam-pifandraisana am-bava sy an-tsoratra.

Ankoatra izany dia mikendry ihany koa ny :

- fikolokoloana ny fitiavan'ny mpianatra ny literatiora malagasy sy fanomezan-danja izany ;
- fampivelarana ny maha olompirenena azy amin'ny alalan'ny fampiasana ny teny malagasy ôfisialy sy ny fanajana ny kolontsaina isam-paritra.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny taranja Malagasy dia mizara ho zana-taranja efatra :

- **Fanehoan-kevitra am-bava** : *fanehoan-kevitra, fahaiza-mihaino* ;
- **Vakiteny** : *vakiteny misosa, fahazoan-dahatsoratra* ;
- **Fiasan'ny teny** : *tsipelina, fitsipiky ny teny* ;
- **Asa an-tsoratra** : *fanoratana lahatsoratra*

Zava-dehibe ny fampivelarana ny fiiziana ara-kolontsaina (maha izy) eo amin'ny mpianatra, mba :

- hahatsapany fa anisan'ny fiarahamonina malagasy izy ;
- handraisany anjara amin'ny fampiroboroboana ny kolontsaina ;
- hahafahany maneho ny maha izy azy amin'ny alalan'ny lahatsoratra am-bava sy an-tsoratra

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ireto ny fomba tsotra hanatanterahana ny fampianarana :

- atomboka amin'ny zavatra efa fantatry ny mpianatra ny lesona ;
- omena sehatra hitenenana matetika ny mpianatra, indrindra ao amin'ny T1 ;
- ampirisihina izy ireo hilaza hevitra, hanontany ary hamorona ;
- atao ao anaty fifampitokisana sy fifanajana ny fianarana, mba hahatonga ny mpianatra ho sahy haneho hevitra sy handray fanapahan-kevitra ;
- ampiasaina ny teny ho fitaovana ianarana, ifandraisana ary anehoana hevitra ;
- ampirisihina ny mpianatra hikaroka, handinika ary hamaha olana ;
- ampiasaina ny toeram-panovozan-kevitra ao an-dakilasy mba hampitombo ny fitiavan'ny mpianatra mamaky teny.

Ny lahatsoratra ampiasaina dia mety ho lahatsoratra mitantara, manoritsoritra na mampahalala, ary ny karazany kosa dia angano, tantara, na tononkalo.

LANJAN'ORA

Zana-taranja	Isan'ny seho	Faharetan'ny seho	Lanjan'ora isan kerinandro
<i>Fanehoan-kevitra am-bava</i>	5	25 minitra	125 minitra
<i>Vakiteny</i>	5	4x30 minitra sy 25 minitra	145 minitra
<i>Fiasan'ny teny</i>	5	30 minitra	150 minitra
<i>Asa an-tsoratra</i>			
FITAMBARANY	15	-----	420 minitra = 7 ora

Fanamarihana : mandritra ny fanatanterahana ny asa an-tsoratra no ianarana ny fiasan'ny teny.

VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY

FANEHOAN-KEVITRA AM-BAVA		
Maneho hevitra am-bava mifanaraka amin'ny trangan-javatra sy ny fiiziana ara-kolontsaina.		
Manakatra ireo endri-pifandraisana eo amin'ny fiarahamonina malagasy.		
VAKITENY		
Mamaky misosa sy miaina ny lahatsoratra mba hahatakarana ny votoatin'izany.		
Manakatra hevitra raketin'ny lahatsoratra sy ny kolontsaina malagasy hita ao anatiny.		
FIASAN'NY TENY		
Maneho hevitra tsotra am-bava sy an-tsoratra, mifanaraka amin'ny fiasan'ny teny.		
ASA AN-TSORATRA		
Mamokatra lahatsoratra ahitana hevitra mifandray mazava amin'ny trangan-javatra.		

LOHAHEVITRA

1. Ny fianakaviana	12. Ny fitandroana ny fahasalamana : sakafo voalanjalanja sy miovaova	23. Ny tsena
2. Ny ankohonana : fifandraisan'ny ankohonana sy ny fianakaviana	13. Ny fitandroana ny fahasalamana : fahadiovana	24. Ny varotra
3. Ny fetim-pianakaviana	14. Ny fitandroana ny fahasalamana : fitaizam -batana	25. Ny fitaterana
4. Ny sekolin'ny Ntaolo	15. Ny tanàna	26. Ny ranomasina
5. Ny fitaovan-tseratsera	16. Ny fiarahamonina	27. Ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro
6. Ny fahasamihafana	17. Ny soa iombonana : fananana iombonana (ao an-trano, an-tsekoly, eo amin'ny fiarahamonina)	28. Ny fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro
7. Ny miralenta an-tsekoly	18. Ny soa iombonana : fanajana/ fikajiana sy fikarakarana ny fananana iombonana	29. Ny Fiarovana ny tontolo iainana : vokatry ny loto
8. Ady amin'ny fanavakavahana	19. Ny fambolena	30. Ny Fiarovana ny tontolo iainana : vokatry ny hain-tany
9. Ny fampiatiana	20. Ny fiompiana	31. Ny Fiarovana ny tontolo iainana : fandraisana andraikitra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana
10. Ny fiarovana amin'ny loza	21. Ny jono	32. Ny fialam-boly : karazana
11. Ny fisorohana ny loza	22. Ny asa tanana	33. Ny fialam-boly : tombontsoa

FAFAN'NY VOTOATINY

Zana-taranja	Votoatiny
Fanehoan-kevitra am-bava	Fanehoan-kevitra ● Fepetra fototra mifehy ny fanehoan-kevitra am-bava ● Hevitra manaraka lojika amin'ny fampiasana voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra sy teny mpandamina Fahaiza-mihaino ● Mari-pamantarana ao anaty lahatsoratra : lohateny, sary ● Teny mitovy hevitra sy teny mifanohi-kevitra, teny iray seha-kevitra ● Hevitra mivantana ● Hevitra takarina ● Foto-dresaka raketin'ny lahatsoratra ● Fanohanana hevitra ● Hafatra na fahendrena malagasy voalaza ao amin'ny lahatsoratra
Vakiteny	Vakiteny misosa Famakiana lahatsoratra ● Mari-piatoana ● Lantom-peo Fahazoan-dahatsoratra ● Mari-pamantarana ao anaty lahatsoratra : lohateny, sary ● Teny mitovy hevitra sy teny mifanohi-kevitra, teny iray seha-kevitra ● Hevitra mivantana ● Hevitra takarina ● Foto-dresaka raketin'ny lahatsoratra ● Fanohanana hevitra ● Hafatra na fahendrena malagasy voalaza ao amin'ny lahatsoratra
Fiasan'ny teny	Tsipelina ● Fanoratana ny : aminy/amin'ny ● Teny misy «h-» na tsy misy «h-» ● Teny ahitana zanapeo sosona « ao/oa » ● Tarehimarika ampiasana : “ ambin'ny ” sy “ amby ” ● Teny roa avahan'ny tendro : “ tanana/tanàna ”, “ lalana/lalàna ” ● Fototeny verindroa ● Tambateny Fitsipiky ny teny ● Fototeny ● Fototeny mitsaikona, mingadona, mitsatoka ● Tsirinteny : tovana ao amin'ny teny, tovana ao amin'ny teny ● Anaran-tsamirery sy anarana iombonana ● Anjara asan'ny teny : EM sy L ● Fehezanteny tsotra ahitana teny fandavana « tsy »
Asa an-tsoratra	● Teny ahitana ireo feo-litera : j/z - ndr/nj - ts/tr ● Voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra ● Hevitra mirindra sy manaraka lôjika
	● Voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra ● Lahatsoratra ahitana fehezanteny efatra hatramin'ny enina ● Fitsipika takina ao amin'ny « fiasan'ny teny »

Fahendrena voizina : fanajana, fahatokisan-tena

Fanehoan-kevitra		
Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandray fitenenana amin'ny fampiasana fehezanteny manaraka lôjika sy amin'ny fanajana ny fepetra mifehy ny fanehoan-kevitra am-bava	● Fepetra mifehy ny fanehoan-kevitra am-bava - Manangan-tanana rehefa hangata-pitenenana - Miteny am-panajana (manao « azafady », « misaotra ») - Mamela ny hafa hamita ny fitenenany - Mangataka fanampim-panazavana (« tsy azoko azafady », « afaka averinao ve ? », « satria nahoana ? ») ● Hevitra manaraka lôjika amin'ny fampiasana voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra sy teny mpandamina (Voalohany, manaraka izany, farany)	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamoaka sy hanazava ireo fepetra mifehy ny fanehoan-kevitra am-bava - hanaja ireo fepetra mifehy ny fanehoan-kevitra am-bava mandritra ny fifanakalozan-kevitra sy seho sehatra - haneho hevitra am-pahatokisan-tena ary hampiasa voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra - handamina ny hevitra araka ny fisesiny ka hampiasa teny mpandamina Tetika amam-paika - Herinandro roa voalohany (fepetra fototra) - Fifanakalozan-kevitra - Seho sehatra - Fanontaniana arahim-baliny (« Ahoana ny eritreritrao ? », « Inona no antony ? ») Fitaovana - Sary - Tantara na angano
Tombana ● Mitantara zavatra niainany amin'ny fampiasana voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra sy teny mpandamina ny mpianatra. ● Manoritsoritra tranga, olona, biby na zavatra amin'ny fomba mazava sy mirindra ny mpianatra. ● Maneho hevitra amim-panajana, mitombina ara-kevitra mandritra ny fifanakalozan-kevitra ny mpianatra.		

Fahaiza-mihaino		
Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho hevitra amin'ny fahazoana ny lahatsoratra nohenoina	● Mari-pamantarana ao anaty lahatsoratra - Lohateny - Sary ● Teny mitovy hevitra, teny mifanohi-kevitra, teny iray seha-kevitra ● Hevitra mivantana ● Hevitra takarina ● Foto-dresaka raketin'ny lahatsoratra ● Fanohanana hevitra (satria, araka ny voalazan'ny lahatsoratra na ny tantara, ...) ● Hafatra na fahendrena malagasy voalaza ao amin'ny lahatsoratra	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : Mialohan'ny fihainoana - handinika sary - hilaza ny heviny momba ny lohateny - haminavina ny mety ho votoatin'ny lahatsoratra nohenoina Mandritra ny fihainoana - hanamarina ny vinavinany - hanome ny heviny raha tsy mifanaraka amin'ny vinavina Aorian'ny fihainoana - hitady ireo voambolana sarotra ary hamoaka ny hevitr'izany amin'ny : *fanomezana teny mitovy hevitra na teny mifanohi-kevitra *fitadiavana ny teny iray seha-kevitra mifandraika amin'ny lohahevitra *fampiasana ireo voambolana ao anaty fehezanteny - hamantatra ireo hevitra hita mivantana ao amin'ny lahatsoratra - hanakatra ireo hevitra tsy voalaza mivantana - hanome soso-kevitra momba ny foto-dresaka raketin'ny lahatsoratra - hizara ny fomba fijeriny manokana mikasika izay nohenoina ka hampiasa ireo voambolana entina manaiky na mandà Fiiziana ara-kolontsaina hilaza ny hafatra na ny fahendrena malagasy voalaza ao anaty lahatsoratra Tetika amam-paika - Fanontaniana araham-baliny - Fifanakalozan-kevitra - Lalao tsipy baolina Fitaovana - Sary (mialohan'ny fihainoana) - Lahatsoratra - Baolina

Tombana

- Manazava ny hevitr'ireo voambolana sarotra tao amin'ny lahatsoratra ny mpianatra.
- Milaza ireo hevitra mivantana sy ny hevitra takarina tao amin'ny lahatsoratra ny mpianatra.
- Milaza ny foto-dresaka raketin'ny lahatsoratra nohenoiny ny mpianatra.
- Manohana na mitsikera hevitra avy amin'ny lahatsoratra amin'ny antony mazava ny mpianatra.
- Maneho hevitra amin'ny fahazoana ireo hevitra mivantana sy takarina tao amin'ny lahatsoratra ny mpianatra.

VAKITENY

Fahendrena voizina : fitiavana ezaka, fahatokisan-tena

Vakiteny misosa		
Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamaky lahatsoratra tsy misy diso, misosa ka manaja ny lantom-peo sy ny maripiatoana	Famakiana lahatsoratra • Mari-piatoana : - Teboka « . » - Baraingo « ? » - Tsoraka « ! » - Faingo « , » - Teboka roa « : » • Lantom-peo	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamaky mangina ny lahatsoratra - hihaino vakiteny modely ataon'ny mpampianatra - hamerina hamaky amim-peo avo ny lahatsoratra ka hanaja ny mari-piatoana sy ny lantom-peo - hamaky mifandimby ampahan-dahatsoratra amim-peo avo - hamaky ny lahatsoratra manontolo amim-peo avo Tetika amam-paika - Vakiteny amim-peo iva - Vakiteny modely - Vakiteny tsirairay amim-peo avo - Kilalaom-bakiteny Fitaovana Lahatsoratra
Tombana • Manonona mazava ary haingana ireo teny sarotra ny mpianatra. • Mamaky tsy misy diso, misosa ny lahatsoratra ary manaja ny lantom-peo mifanaraka amin'ny mari-piatoana ny mpianatra.		

Fahazoan-dahatsoratra		
Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho hevitra amin'ny fahazoana ny lahatsoratra ary manaporofa izany	• Mari-pamantarana ao anaty lahatsoratra - Lohateny - Sary • Teny mitovy hevitra, teny mifanohi-kevitra, teny iray seha-kevitra • Hevitra mivantana • Hevitra takarina • Foto-dresaka raketin'ny lahatsoratra • Fanohanana hevitra : satria, araka ny voalazan'ny lahatsoratra na ny tantara, ...	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : Mialohan'ny vakiteny - handinika ny sary - hilaza ny heviny momba ny lohateny - haminavina ny mety ho votoatin'ny lahatsoratra Mandritra ny vakiteny - hanamarina ny vinavinany - hanamarina raha misy ifandraisany ny lahatsoratra sy ny sary - hanome ny heviny raha tsy mifanaraka amin'ny vinavina Aorian'ny vakiteny - hitady ireo voambolana sarotra ary hamoaka ny heviny amin'ny fiteniny - hanome teny mitovy hevitra na mifanohi-kevitra aminy - hampiasa ireo voambolana ao anaty fehezanteny - hitady teny iray seha-kevitra mifandraika amin'ny lohahevitra - hampiasa ireo voambolana ao anaty fehezanteny - hamantatra ireo hevitra hita mivantana ao amin'ny lahatsoratra - hanakatra ireo hevitra tsy voalaza mivantana - hilaza ny mety ho tohin'ny lahatsoratra - hanome soso-kevitra momba ny foto dresaka raketin'ny lahatsoratra novakiny - hizara ny fomba fijeriny manokana mikasika izay nohenoina ka hampiasa

	Hafatra na fahendrena malagasy voalaza ao amin'ny lahatsoratra	Fiiziana ara-kolontsaina hilaza ny hafatra na ny fahendrena malagasy ao amin'ny lahatsoratra <i>Tetika amam-paika</i> - Fanontaniana arahim-baliny - Fifanakalozan-kevitra - Vakiteny tsirairay - Asa samirery <i>Fitaovana</i> - Sary (alohan'ny vakiteny) - Lahatsoratra
Tombana - Manazava ny hevitr'ireo voambolana sarotra tao amin'ny lahatsoratra ny mpianatra. - Milaza ireo hevitra mivantana sy ny hevitra takarina tao amin'ny lahatsoratra ny mpianatra. - Milaza ny foto-dresaka raketin'ny lahatsoratra novakiny ny mpianatra. - Manohana na mitsikera hevitra avy amin'ny lahatsoratra amin'ny antony mazava ny mpianatra. - Maneho hevitra amin'ny fahazoana ireo hevitra mivantana sy takarina tao amin'ny lahatsoratra ny mpianatra.		

FIASAN'NY TENY

Fahendrena voizina : fahatokisan-tena, fizakantena

Tsipelina		
Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ireo fitsipi-panoratana ao anaty fehezanteny sy lahatsoratra	- Fanoratana ny : aminy/amin'ny - Teny misy «h-» na tsy misy «h-» - helo/elo - hazo/azo - hala/ala	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : Dingana voalohany : <i>famakafakana ny modely</i> - handinika fehezanteny na ampahan dahatsoratra nalaina tao amin'ny lahatsoratra nohenoiny na novakiny na mifanaraka amin'ny lohahevitra - hamoaka ireo fitsipi-panoratana

	● Teny ahitana zanapeo sosona « ao/oa » - laoka/loaka - paoka/poaka ● Tarehimarika ampiasana : « ambin'ny » sy « amby » ● Teny roa avahan'ny tendro - tanana/tanàna - lalana/lalàna ● Fototeny verindroa ● Tambateny	Dingana faharoa : <i>fampiharana</i> hampihatra ireo fitsipi-panoratana amin'ny: * famenoana ny teboteboka ao anaty fehezanteny * fanitsiana ny fomba fanoratra teny diso ao anaty fehezanteny * fanaovana verindroa ny fototeny * fanambarana teny roa Dingana fahatelo : <i>fanamafisana</i> - hamorona fehezanteny na lahatsoratra fohy mampiasa ireo fitsipi-panoratana nianarana - hampifandray izany amin'ny seha pitenenana (am-bava sy an-tsoratra) <i>Tetika amam-paika</i> - Asan-tarika - Asa samirery - Fanontanianana arahim-baliny <i>Fitaovana</i> - Fehezanteny na ampahan-dahatsoratra novakina na nohenoina - Takela-teny
--	--	---

Tombana

- Manavaka sy mampiasa araka ny tokony ho izy ireo fitsipi-panoratana ao anaty fehezanteny na ampahan-dahatsoratra ny mpianatra.
- Mampihatra ny verindroa amin'ny fototeny ny mpianatra.
- Manavaka sy mampiasa tambateny araka ny tokony ho izy ny mpianatra.
- Mamorona fehezanteny na ampahan-dahatsoratra fohy mampihatra ireo fitsipi-panoratana ny mpianatra.

Fitsipiky ny teny		
Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ny fitsipiky ny teny ao anaty fehezanteny sy lahatsoratra	● Fototeny ● Fototeny mitsaikona, mingadona, mitsatoka ● Tsirinteny : tovana sy tovana ao amin'ny teny	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : Dingana voalohany : <i>famakafakana ny modely</i> - handinika ampahan-dahatsoratra hita tao amin'ny vakiteny na fanehoan-kevitra am-bava hamoahana ny fitsipiky ny teny

	● Anaran-tsamirery sy anarana iombonana ● Anjara asan'ny teny - EM : milaza asa sy hetsika « maninona ? », milaza toetra « manao ahoana? » - L : milaza olona « iza ? », milaza zavatra « inona ? » ● Fehezanteny tsotra ahitana teny fandavana « tsy »	- hamoaka ireo fitsipika ireo izay mifototra amin'ny fampiasana azy anaty fehezanteny na lahatsoratra Dingana faharoa : <i>fampiharana</i> hampihatra ireo fitsipiky ny teny nianarana amin'ny : *fitadiavana ny fototeny ao anaty fehezanteny *fanavahana ny tovana sy ny tovana ao amin'ny teny *famenohana teboteboka ao anaty fehezanteny anaran-tsamirery na anarana iombonana *fanavahana ny EM sy ny L ao anaty fehezanteny *fanovana ny fehezanteny tsotra ho fehezanteny ahitana teny fandavana Dingana fahatelo : <i>fanamafisana</i> hamorona fehezanteny na lahatsoratra fohy amin'ny fampiasana ireo fitsipika anaty seha-pitenenana <i>Tetika amam-paika</i> - Asan-tarika - Asa samirery <i>Fitaovana</i> Fehezanteny na ampahan-dahatsoratra novakina na nohenoina
--	---	---

Tombana

- Manavaka ireo karazam-pototeny ao amin'ny teny ny mpianatra.
- Manambatra ny tovana sy ny tovana amin'ny teny ny mpianatra.
- Manavaka ny anaran-tsamirery sy ny anarana iombonana ao anaty fehezanteny ny mpianatra.
- Mamaritra ny anjara asa fototra EM sy L ao amin'ny ampahan-dahatsoratra ny mpianatra.
- Mamadika ny fehezanteny tsotra ho fehezanteny ahitana teny fandavana ny mpianatra.
- Mamorona fehezanteny na ampahan-dahatsoratra mampihatra ireo fitsipiky ny teny ny mpianatra.

Fahendrena voizina : fitiavana ezaka, fikirizana

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampita hevitra an-tsoratra amin'ny fandaminana izany manaraka lôjika	• Teny ahitana ireo litera-feo - j/z - ndr/nj - ts/tr • Voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra • Hevitra mirindra sy manaraka lôjika	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hanoratra tsy misy diso sy mazava tsara ireo teny ahitana feo mifanakaiky amin'ny fanononana azy ao anatin'ny herinandro telo voalohany - hampiasa ireo voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra amin'ny alalan'ny : *famenohana tebotomboka ao amin'ny fehezanteny amin'ny alalan'ireo voambolana *fanatsarana fehezanteny amin'ny fampiasana ireo voambolana *fandaminana fehezanteny mikorontana araka ny firafiny ahitana fehezanteny telo na efatra miaraka amin'ny teny mpandamina *fampifandraisana amin'ny alalan'ny tsilo <i>Tetika amam-paika</i> - Soratononina - Famenohana ny banga - Fampifandraisana amin'ny alalan'ny tsilo <i>Fitaovana</i> Ampahan-dahatsoratra na lahatsoratra
Tombana • Manoratra tsy misy diso ireo teny notononina ny mpianatra. • Mampiasa ireo voambolana vaovao mifandraika amin'ny lohahevitra amin'ny fanehoan-kevitra an-tsoratra ny mpianatra. • Mampita hevitra an-tsoratra mirindra, mitombina ara-kevitra sy ara-pitsipika ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamorona andinin-dahatsoratra, manaja ny fiasan'ny teny	• Voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra • Lahatsoratra ahitana fehezanteny efatra hatramin'ny enina • Fitsipika takina ao amin'ny « fiasan'ny teny »	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : Dingana voalohany : <i>fanangonan-kevitra</i> - hanangona ireo hevitra ahitana voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra miainga amin'ny lahatsoratra modely - handamina ny heviny misy zohin-kevitra araka ny karazan-dahatsoratra Dingana faharoa : <i>fandrafetana vakiraoka</i> - handrafitra vakiraoka voalohany, manaja ny drafitra, ahitana fehezanteny efatra hatramin'ny enina maneho ireo hevitra nalamina amin'ny fomba mirindra - hanasongadina ny kolontsaina malagasy mifandraika amin'ny lohahevitra, misy ifandraisany amin'ny fiainan'izy ireo andavanandro mba hanehoany ny maha izy azy Dingana fahatelo : <i>fanitsiana sy fanatsarana</i> - hanaja ireo fitsipika mifehy ny teny vao nampianarina, arakaraka ny sokajin-dahatsoratra resahina - hijery miaraka ny vakiraokan-dahatsoratra natao mba hahafahana mamantatra izay fanitsiana tokony ho atao - hamerina hijery tsara ny lahatsoratra nosoratany - hanatsara ny drafitra voalohany - hanomana ny lahatsorany nasiam-panitsiana sy nohatsaraina Dingana fahefatra : <i>fanehoana ny asa novokarin'ny</i> haneho sy hizara amin'ny hafa ny lahatsoratra novokarin'ny Tetika amam-paika - Fifanakalozan-kevitra anaty tarika - Asa samirery
Tombana • Mampiasa voambolana mifandraika amin'ny lohahevitra ao anaty fehezanteny ny mpianatra. • Mamorona lahatsoratra misy fehezanteny efatra hatramin'ny enina, mirindra sy manaraka lôjika ary manaja ny fitsipika mifehy ny fiasan'ny teny ny mpianatra.		

FRANÇAIS

BUT DU PROGRAMME

Le programme de français, tout au long du parcours scolaire de l'apprenant, vise à développer sa capacité à :

- communiquer efficacement à l'oral et à l'écrit ;
- s'ouvrir aux autres et à diverses cultures.

ORGANISATION PÉDAGOGIQUE GÉNÉRALE

Le programme de T1 se concentre uniquement sur l'orale. Il se distingue par sa nature : **transdisciplinaire** (les activités mobilisent des éléments liés aux mathématiques, aux arts, etc.), **plurilingue** (l'enseignant établit des liens entre le malagasy (langue maternelle) et le français afin de faciliter les transferts), **contextualisé** (les apprentissages partent du vécu de l'apprenant et de situations concrètes). Il permet à l'apprenant de développer progressivement les habiletés langagières nécessaires pour utiliser le français dans des situations simples de la vie scolaire et quotidienne.

Pour les autres niveaux, le programme d'études de français s'articule autour de six composantes :

- **Compréhension orale**
- **Compréhension écrite**
- **Fonctionnement de la langue**
- **Production écrite**
- **Production orale**
- **Lecture (fluidité)**

Toutes les composantes sont traitées pour chaque thématique. De plus, ces composantes sont interconnectées et se renforcent mutuellement tout au long du parcours d'apprentissage.

ORIENTATIONS PÉDAGOGIQUES GÉNÉRALES

- L'apprenant est au centre des apprentissages.
- La langue est considérée comme un outil de communication, d'apprentissage et d'expression.
- L'enseignant valorise les connaissances antérieures et la langue maternelle pour favoriser les transferts.
- L'apprentissage se déroule dans un climat de confiance et de respect.
- Les activités proposées sont courtes, variées et dynamiques (jeux, chansons, saynètes, jeux de rôle).
- Les pratiques et répétitions orales sont régulières et fréquentes.

VOLUME HORAIRE

L'apprentissage du français est assuré à raison de cinq heures cinquante minutes par semaine, réparties comme suit :

Composantes	Volume horaire hebdomadaire
Compréhension orale	60 minutes
Compréhension écrite	60 minutes
Production orale	60 minutes
Production écrite	60 minutes
Fonctionnement de la langue	60 minutes
Lecture – Fluidité	50 minutes
TOTAL	350 minutes

RÉSULTATS D'APPRENTISSAGE GÉNÉRAUX

COMPRÉHENSION ORALE
Identifier et déduire les informations contenues dans des messages variés, plus longs et complexes, y compris les contenus médiatiques
COMPRÉHENSION ÉCRITE
Repérer et interpréter les informations dans une variété de types de textes y compris les documents médiatiques.
Se servir d'une variété de stratégies pour comprendre le sens des mots nouveaux et des expressions imagées.
FONCTIONNEMENT DE LA LANGUE
Produire des communications orales et écrites conformes aux exigences de la langue française, en s'appuyant sur ses connaissances accrues du fonctionnement de cette langue et sur les transferts possibles entre le français et le malagasy.
PRODUCTION ORALE
Communiquer ses idées et ses opinions clairement et de manière cohérente, conformes aux exigences de la langue et de la situation de communication, en enchaînant de façon logique ses idées.
Se servir de mots et d'expressions plus spécifiques et des phrases simples et complexes.
PRODUCTION ÉCRITE
Se servir de stratégies simples pour planifier ses écrits et organiser ses idées.
Produire une variété de textes cohérents et compréhensibles où les idées sont organisées de façon logique.
LECTURE - FLUIDITÉ
Lire de manière fluide et expressive avec un rythme approprié pour favoriser la compréhension de divers textes.

TABEAU DES CONTENUS

Thématiques	Contenus
LES ALIMENTS	Type de texte : Descriptif Lexique • Aliments • Plats typiques malgaches • Goûts • Ustensiles de cuisine • Repas de la journée Morphosyntaxe • Adjectifs • Comparatifs • Verbes au présent de l'indicatif • Verbes en -er au présent de l'indicatif Phonie-graphie • Différentes orthographes des sons [ã] • Différentes orthographes des sons [õ]

	Graphie-phonie • Associations phonèmes- graphèmes - An, en, em, am pour [ã] - On, ont, om pour [õ]
LA FAMILLE ÉLARGIE	Type de texte : Descriptif Lexique • Noms des membres de la famille élargie • Liens de parenté : cousin, cousine, nièce, Morphosyntaxe • Indicateurs temporels • Indicateurs de lieu • Pronoms personnels • Adjectifs possessifs • Verbes en -er à l'imparfait Phonie-graphie • Différentes orthographes des sons [ã] • Différentes orthographes des sons [ê] Graphie-phonie • Associations phonèmes- graphèmes - E, eu, œu pour [ã] - Ain, in, eint pour [ê]
LE TEMPS	Type de texte : Descriptif Lexique Activités quotidiennes et périodes de la journée Morphosyntaxe • Genre • Fonction des mots dans une phrase simple • Ordre des mots dans une phrase simple • Verbes en « -er » au présent (1ère, 2ème, 3ème personne du pluriel) • Verbes : vouloir, pouvoir, devoir au présent (2ème personne du singulier) Phonie-graphie • Différentes orthographes des sons [o] • Différentes orthographes des sons [u] Graphie-phonie • Associations phonèmes- graphèmes - Eau, ot, aux, aux, ô pour [o] - Ou, sou, chou pour [u]

L'ENVIRONNEMENT SCOLAIRE	Type de texte : descriptif Lexique ● Infrastructures ● Règles de la vie scolaire ● Consignes de base du maître Morphosyntaxe ● Rôle des phrases interrogatives ● Rôle des phrases exclamatives ● Types d'interrogation ● Verbes : ranger, effacer, aimer, préférer, prendre, faire, Soigner Graphie-phonétique ● Sons étudiés dans des mots et expressions liées à l'environnement scolaire
LA FERME	Type de texte : narratif Lexique ● Animaux ● Habitats ● Aliments ● Mâles/femelle/petit ● Activités ● Outils Morphosyntaxe ● Négation ● Verbes : aimer, préférer, prendre, boire, manger, faire donner à manger, nourrir, soigner... ● Verbes en -er au futur proche : être, avoir, aller, faire (1ère, 2ème, 3ème personne du pluriel et du singulier) ● Verbes à l'imparfait : aimer, préférer, prendre, boire, manger, faire donner à manger, nourrir, soigner (mobilisation) ● Verbes en -er au passé composé : être, avoir, aller, faire et (mobilisation)

	Phonie-graphie • Différentes orthographes des sons [ã] • Différentes orthographes des sons [õ] Graphie-phonie • Associations phonèmes- graphèmes - Un, um pour [ẽ] - U, eu, ût pour [y]
LE MARCHÉ	Type de texte : narratif Lexique • Acteurs • Endroits • Produits • Prix et qualité • Expressions : demander le prix, négocier Morphosyntaxe • Indicateurs temporels • Indicateurs chronologiques • Indicateurs spatiaux • Verbes : acheter, préférer, prendre, marchander, vendre, demander

Valeurs à véhiculer : autonomie, sens de la responsabilité

Durée : 32 heures

Résultats d'apprentissage spécifiques	Contenus	Conseils et orientations pédagogiques
Déterminer le sens des mots inconnus et les informations d'un document sur les aliments	Type de texte: Descriptif Lexique ● Aliments : gâteau, fruit, légume, ... ● Plats typiques malgaches: riz + viande de porc aux feuilles de manioc, ... ● Goûts : sucré, salé, aigre, amer ● Ustensiles de cuisine : cuillère, couteau, plat, bol, verre, carafe... ● Repas de la journée : petit déjeuner, goûter, déjeuner, dîner	Compréhension orale et/ ou écrite <i>Activités</i> Les apprenants sont amenés à : - observer les illustrations ou le titre et afin d'anticiper le contenu - écouter ou lire un court texte décrivant un fruit, un légume ou un plat - identifier les mots inconnus et en déduire le sens à l'aide du contexte ou des illustrations - répondre à des questions simples de compréhension (De quoi parle-t-on ? Quelle est sa couleur ? Quel est son goût ? Quelle est sa forme ?) - reformuler les informations essentielles du texte avec leurs propres mots <i>Stratégies</i> - Observation guidée avant la lecture ou l'écoute - Questionnement guidé pour repérer les informations - Mobilisation des connaissances antérieures sur les aliments <i>Matériels et supports</i> - Court texte descriptif (4 à 6 phrases) sur un fruit, un légume ou un plat - Images ou photographies de fruits, de légumes et de plats malgaches
	● Adjectifs qualitatifs : grande, petite... ● Comparatifs : plus... que, moins...que	Fonctionnement de la langue <i>Activités</i> Les apprenants sont amenés à : - repérer les adjectifs qualificatifs dans un court texte - associer les adjectifs aux noms qu'ils qualifient - comparer deux aliments en utilisant les comparatifs (plus... que, moins... que, aussi... que)

	• Verbes au présent de l'indicatif : être, avoir, faire • Verbes en -er au présent de l'indicatif : aimer, manger, parler...	- conjuguer des verbes courants liés aux aliments dans des phrases simples - produire de courtes phrases décrivant ou comparant des aliments Stratégies - Observation guidée - Comparaison entre le français et le malgache - Manipulation de phrases par substitution et transformation - Exercices progressifs en binômes puis en autonomie Matériels et supports - Court texte sur les aliments - Images de fruits, légumes et plats
Lire un court texte simple avec fluidité	Graphie-phonétique • Associations phonèmes graphèmes - An, en, em, am pour [ã] - On, ont, om pour [õ] • Autocorrection rapide : prononciation, débit et intonation	Lecture /fluidité Activités Les apprenants sont amenés à : - prononcer correctement les sons [ã] et [õ] dans des syllabes, des mots et des expressions - lire à haute voix les mots et expressions contenant ces sons - lire un court texte descriptif en respectant la prononciation, le rythme et l'intonation - relire le texte afin d'améliorer leur fluidité Stratégie Lecture à haute voix Matériels et supports - Court texte descriptif sur les aliments - Cartes de mots contenant les sons [ã] et [õ]
Évaluation L'apprenant : • détermine le sens des mots inconnus et les informations d'un document sur les aliments • utilise correctement les adjectifs, les comparatifs et les verbes dans des phrases • s'exprime clairement à l'oral en utilisant des phrases simples pour décrire et comparer des aliments • écrit des phrases correctes en se servant des connaissances en associations sons lettres • lit un court texte simple avec fluidité		

Valeurs à véhiculer : autonomie, sens de la responsabilité

Durée : 32 heures

Résultats d'apprentissage spécifiques	Contenus	Conseils et orientations pédagogiques
Déterminer le sens des mots inconnus et les informations d'un document sur la famille élargie	Type de texte: Descriptif Lexique - Noms des membres de la famille élargie : grand- père, grand-mère, oncle, tante, ... - Liens de parenté : cousin, cousine, nièce,	Compréhension orale et/ou écrite Activités Les apprenants sont amenés à : - observer un arbre généalogique ou écouter un court texte présentant une famille élargie - identifier les membres de la famille et leurs liens de parenté - déduire le sens des mots nouveaux à partir du contexte, des illustrations ou des explications de l'enseignant - répondre à des questions simples de compréhension (Qui ? Quel est son lien avec... ?) - associer des descriptions aux membres de la famille correspondants - reformuler les principales informations du document Stratégies - Observation guidée - Jeu « Qui est qui ? » Matériels et supports - Arbre généalogique illustré - Photos ou dessins de familles - Court texte descriptif - Étiquettes des liens de parenté
Utiliser correctement les indicateurs de temps et de lieu, les pronoms personnels, les adjectifs possessifs et les verbes dans des phrases simples	Morphosyntaxe - Indicateurs temporels : d'abord, ensuite, après, puis, enfin, premièrement, deuxièmement, troisièmement - Indicateurs de lieu : à gauche de, à droite de, devant, derrière, au milieu de, sous, sur, en face de - Pronoms personnels : il, elle, ils, elles Ex: « le chien »-« il » « mes parents »-« ils » « les chaises »-« elles »	Fonctionnement de la langue Activités Les apprenants sont amenés à : - repérer les indicateurs de temps et de lieu dans un texte - identifier les pronoms personnels et les adjectifs possessifs ainsi que leur référent - conjuguer à l'imparfait les verbes fréquents (« être », « avoir », « faire » et quelques verbes en -er) dans des phrases simples - compléter puis produire des phrases décrivant une famille - transformer des groupes de mots en phrases correctes

	Ex: « le chien »-« il » « mes parents »-« ils » « les chaises »-« elles » ● Adjectifs possessifs : mes, tes, ses, à moi, à toi, à lui, à elle, à + nom d'une personne	Stratégies - Manipulation de phrases - Exercices guidés - Comparaison entre le français et le malgache Matériels et supports - Corpus de phrases - Texte descriptif sur la famille
Produire de courtes phrases simples sur la famille élargie	● L'imparfait des verbes en -er, être, avoir, faire Eléments acquis en lexique, et fonctionnement de la langue ● Prononciation des sons acquis ● Expression libre pour présenter sa production	Production orale Activités Les apprenants sont amenés à : - décrire les caractéristiques physiques de membres d'une famille à partir de photos - présenter les liens de parenté entre différents personnages - parler de leur propre famille en utilisant un arbre généalogique simplifié - répondre aux questions de leurs camarades sur leur famille Stratégies - Jeu de questions-réponses - Support visuel Matériels et supports - Arbre généalogique - Photos de famille
Produire de courtes phrases simples en se servant des connaissances des associations sons lettres	Phonie-graphie ● Différentes orthographes des sons [œ] : e, eu, œu ● Différentes orthographes des sons [é] : ain, in, eint ● Eléments acquis en lexique, grammaire et conjugaison ● Orthographe correcte	Production écrite Activités Les apprenants sont amenés à : - écrire correctement des syllabes, des mots et des expressions contenant les sons [œ] et [é] - remettre des phrases dans l'ordre afin de former un court texte - rédiger quelques phrases présentant leur famille dans une lettre ou un petit paragraphe - relire et corriger leur production avec l'aide de l'enseignant Stratégies - PLM - Écriture guidée Matériels et supports - Ardoise - Cahier - Images de familles - Modèle de lettre

Lire un court texte simple avec fluidité	Graphie-phonie - Associations phonèmes-graphèmes - E, eu, œu pour [œ] ex : petit, œufs, neveu... - Ain, in, eint pour [ɛ̃] ex : Germain, benjamin, cousin, peint.... - Autocorrection rapide et fluide : prononciation, débit, intonation.	Lecture : fluidité Activités Les apprenants sont amenés à : - lire des mots et des phrases contenant les sons [œ] et [ɛ̃] - lire à haute voix un court texte descriptif sur une famille - relire le texte pour améliorer leur fluidité Stratégies - Lecture modèle - Lecture à haute voix - Lecture en écho (cf. Annexe) - Lecture répétée Matériel et support Court texte descriptif
Evaluation L'apprenant : - détermine le sens des mots inconnus et les informations d'un document sur la famille élargie - utilise correctement les indicateurs de temps et de lieu, les pronoms personnels, les adjectifs possessifs et les verbes dans des phrases simples - s'exprime clairement à l'oral en utilisant des phrases simples pour parler de la famille élargie - écrit des phrases correctes en se servant des connaissances en associations sons lettres - lit un court texte simple avec fluidité		

LE TEMPS

Valeurs à véhiculer : autonomie, sens de la responsabilité

Durée : 32 heures

Résultats d'apprentissage spécifiques	Contenus	Conseils et orientations pédagogiques
Déterminer le sens des mots inconnus et les informations d'un document sur temps	Type de texte: Descriptif Lexique Activités quotidiennes et périodes de la journée : le matin, l'après-midi, le soir, la nuit	Compréhension orale et/ ou écrite Activités Les apprenants sont amenés à : - observer une série d'images ou écouter un court texte décrivant les activités d'une journée - identifier les mots inconnus et en déduire le sens grâce aux images, au contexte ou aux explications de l'enseignant

		dant à des questions simples (Qui ? Quand ? Où ? Que fait-il ?) - remettre dans l'ordre chronologique des images ou des phrases représentant les moments de la journée - reformuler oralement ou par de courtes phrases les informations principales du document Stratégies - Observation et questionnement guidée - Utilisation de supports visuels - Reformulation par l'enseignant Matériels et supports - Série d'images représentant les moments de la journée - Court texte descriptif sur une journée type
Utiliser correctement le genre des noms, la fonction des mots, les verbes dans des phrases simples	Morphosyntaxe ● Genre : féminin, masculin (transfert depuis le malgache) ● Fonction des mots dans une phrase simple : sujet, verbe, complément ● Ordre des mots dans une phrase simple : S+V+C ● Verbes en « -er » au présent (1ère, 2ème, 3ème personne du pluriel) ● Verbes : vouloir, pouvoir, devoir au présent (2ème personne du singulier)	Fonctionnement de la langue Activités Les apprenants sont amenés à : - identifier les noms et préciser leur genre (masculin ou féminin) - observer la fonction des principaux mots dans des phrases simples (qui fait l'action ? que fait-il ?) - conjuguer des verbes fréquents au présent en lien avec les activités quotidiennes - compléter puis produire des phrases simples décrivant une journée - transformer des groupes de mots en phrases correctes Stratégies - Manipulation de phrases - Comparaison entre le français et le malgache lorsque cela facilite la compréhension - Exercices guidés Matériel et support Corpus de phrases

Produire de courtes phrases simples sur le temps	● Éléments acquis en lexique, et fonctionnement de la langue ● Prononciation des sons acquis ● Expression libre pour présenter sa production	Production orale <i>Activités</i> Les apprenants sont amenés à : - observer des images représentant différentes activités quotidiennes - décrire les activités réalisées aux différents moments de la journée - répondre à des questions sur leur routine quotidienne - présenter oralement leur journée en utilisant quelques indicateurs temporels (le matin, ensuite, puis, le soir) - comparer oralement leur journée avec celle d'un camarade <i>Stratégies</i> - Utilisation de supports visuels - Jeu de questions-réponses <i>Matériels et supports</i> - Images des activités quotidiennes - Horloge illustrée - Frise des moments de la journée
- Manoritsoritra ireo harena voajanahary rehetra misy eo amin'ny tontolo iainany ny mpianatra.
- Maneho amin'ny fiainana andavanandro ny fampiasana araka ny tokony ho izy ireo loharanon-karena voajanahary ny mpianatra.
- Maneho sy manitsy fihetsika tsy mety amin'ny fampiasana loharanon-karena voajanahary ny mpianatra.
- Manentana sy mitarika ny hafa hampiasa araka ny tokony ho izy ny loharano ara-tontolo iainana ny mpianatra.

TOVANA

Dingana amin'ny fanatanterahana tetikasa eo amin'ny taranja “Fanabeazana ho Olompirenena Vanona”

Famantarana ny olana

Ao an-tsekoly na eo amin'ny fiarahamonina

Fisafidianana ny

tetikasa

Tetikasa azo tanterahina

Fanomanana ny

tetikasa

Iza, inona, rahoviana?

Fanatanterahana ny

tetikasa

Araka ny drafitra

Fanombanana ny tetikasa

Ny nety, ny olana niseho, ary ny fanatsarana azo atao amin'ny ho avy

Fanehoana ny vokatra

Mihaino ny heviny

Dingana amin'ny seho sehatra

Fisafidianana ny

lohahevitra na tranga

Fizarana asa

Mpilalao, mpitantara, mpanampy...

Fanomanana

Mialoha, mangataka fanampian'ny mpampianatra

Andrana

Fanazaran-tena sy fanitsiana

Fanatanterahana

Maneho ny seho eo imason'ny mpiara-mianatra

Fanangonana hevitra

Mihaino ny hevitra ny mpijery, maka lesona

Fanekena sy fampiharana

Mampihatra ny hafatra azo eo amin'ny fiainana andavanandro

TOROVOLANA

Fafana : kisary ahitana tsanganana miefitrefitra entina manasokajy teny na hevitra

Fikojakojana : fikolokoloana mba hateza

Kolikoly : fanomezana na fandraisana vola na zavatra tsy ara-dalana amin'ny asa ampanaovina olona iray

Seha-piainana : zava-miseho na tranga eo amin'ny fiarahamonina

MATEMATIKA

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny tanjon'ny taranja matematika dia :

- hampivelatra vondrona fahalalana samihafa ao anatin'ny sehatra matematika ;
- hahatakatra sy hampihatra ireo voankevitra matematika ;
- hampihatra sy hampiasa izany amin'ny famahana olana eo amin'ny fiainana andavanandro.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny taranja matematika dia ahitana zana-taranja miisa enina :

- **Fianarana isa** : hahatakarana'ny mpianatra ny isa (miiba, miabo, ampahany, sns) sy ny toetra mampiavaka azy ;
- **Asamarika** : hanao kajy (manampy, manala, mampitombo, mizara) sy hampihatra izany amin'ny famahana olana andavanandro ;
- **Aljebra** : hamantatra kisary mitamberina sy fanaraham-pitsipika hita ary haneho fifandraisana algebrika ;
- **Rafidrefy** : handrefy habe samihafa (halavana, lanja, ora, zoro, velarana, hadiry) amin'ny fampiasana fitaovana fandrefesana ;
- **Rafitsary** : hianatra kisary, vainga ary fanovana ara-drafitsary ;
- **Fikirakirana Antontanisa**: hanangona, handamina, handika antontanisa ary handinika ny vintana.

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny fampianarana matematika dia :

- manome vahana ny fanakarana ny hevitra ny isa, ny asamarika, ny rafitsary, ny rafidrefy ary ny fikirakirana antontanisa ;
- mampifandray ny voankevitra sy ny zava-misy iainan'ny mpianatra ;
- manamafy ny fikirakirana fitaovana mba hampisy heviny ny voankevitra;
- manome lanja ny fanehoana an-tsary ny voankevitra tsy hita maso sy tsy azo tsapaintanana ho lasa matematika.

Ny boky FHI (bokin'ny mpianatra sy torolalana) dia fitaovana manampy amin'ny fampiharana ny fandaharam-pibeazana ho an'ny T3.

LANJAN'ORA: 7 ora (14 x 30 minitra)

VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY

FIANARANA ISA	Mampiasa ny fahazoana ny voankevitra momba ny isatsimivakinanahary, hanoritsoritana hamaroan-javatra hita eo amin'ny fiainana andavanandro.
ASAMARIKA	Manampy, manala ary mampitombo isa isatsimivakinanahary
ALIJE BRA	Manoritsoritra sy mamakafaka ny fanaraham-pitsipika sy ny fiverimberenana amin'ny fandikana ireny ho ara-matematika eo amin'ny tandahatra manara-pitsipika.
RAFITSARY	- Manoritsoritra ny toerana misy ny vainga na zavatra iray sy ny fifindrany ao anatin'ny habaka. - Mamaha sehatr'olana fahita eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny fanoritsoritana, fampitahana ary fanasokajina endrika jiomatika
RAFIDREFY	Mamaha sehatr'olana fahita eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny fampiasana refy : halavana, lanja, fatra ary fotoana.

FAFAN'NY VOTOATINY

ZANA-TARANJA	VOTOATINY
FIANARANA ISA	• Fanisana sy fampitahana hatramin'ny 1000 • Fanisana sy fanoratana hatramin'ny 1000 • Fandaharana isa hatramin'ny 1000 • Fanehoana isa ho an-tsoratra 1 hatramin'ny 1000 • Famahavahana sy famondronana isa hatramin'ny 1000 • Famantarana isa 1001–10000 • Fanehoana ny ampaha manana mpanondro 2, 3 na 4 izay • latsaka na mitovy amin'ny 1
ASAMARIKA	• Famahavahana olana hatramin'ny 1000 • Fampitomboana hatramin'ny 25 (5×5) • Fampitomboana sy fizarana hatramin'ny 1000 • Fampiasana kajy an-kandrana hatramin'ny 1000
ALIJEBRA	• Fiverimberenana kisary mitamberina • Fiverimberenana tandahatra misonga sy mijotso • Fiverimberenana tandahatra misonga • Fanehoana tandahatra manara-pitsipika
RAFITSARY	• Fanasokajiana endrika jeometrika • Fanehoana endrika jeometrika • Fanambarana sy famahavahana marolafy • Fanehoana drafitsary • Famantarana fanovana jeometrika • Fanavahana zoro • Fanamboarana telolafy
RAFIDREFY	• Fandrefesana halavana sy velarana • Fandrefesana lanja • Fandrefesana fiatiana • Fampiharana ny fandrefesana amin'ny olana andavanandro • Fampiasana vola • Fandrefesana fotoana
FIKIRAKIRANA ANTONTANISA	• Fanomanana fanadihadiana • Fanangonana sy fanehoana valiny • Fampitahana antontan'isa • Fanavahana vinan'ny tranga mety hiseho

Fahendrena voizina : fizakantena, hentitra

Faharetany: 62 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manisa, mampitaha angon-javatra hatramin'ny 1000	Fanisana sy fampitahana hatramin'ny 1000 ● Fanombanana isa araka ny angon-javatra marika ● Isa tsimivakinanahary latsaky ny 1000 : fanombanana, fanisana, fampivondronana, fampitahana isan'ny angonjavatra ● Fampiasana andian-teny : “maro noho ny”, “vitsy noho ny”, “mitovy amin'ny” ● Toeran'ny anjatony, ampolony, ambiny ● Fanehoana isa amin'ny tarehimarika	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanombana isan'ny angonjavatra amin'ny fitaovana azo kirakiraina -hanisa tsikelikely hatramin'ny 1000 : 101–600, 601–800, 801–1000 - hampiasa andian-teny “maro noho ny”, “vitsy noho ny”, “mitovy amin'ny” - hampifandray fanehoana isa isankarazany : fitaovana azo kirakiraina, fanoratana an-tso-ratra, kisary, tarehimarika, eva matematika - hanasokajy angon-javatra amin'ny tsidimidimy, tsifolofolo, tsidimy amby roampolo-dimy amby roampolo, tsidimampolo-dimampolo, tsizatozato, tsidimampolo sy roanjato-dimampolo sy roanjato. - hampitaha sy handahatra isa hatramin'ny 1000 amin'ny tetika amam-paika samihafa: mandinika toeran'ny isa, mampiasa isa marika, kitranonisa, sns Tetika amam-paika - Fampitahana isan'angonjavatra - Fampitahana isan'ny tarehimarika mandrafitra isa - Fandinihana toerana isa eo amin'ny tanjozotran'isa - Fampiasana isa marika Fitaovana - Angon-javatra - Fitaovana azo kirakiraina - Kiefitrefitra 10 - Tabilaonisa isan-karazany - Tanjozotran'isa voateti-drefy - Kisary -Tabilaonisa - Kitranonisa
Tombana ● Manisa angonjavatra hatramin'ny 1000 amin'ny alalan'ny vainga azo kirakiraina ny mpianatra. ● Mampitaha angonjavatra hatramin'ny 1000 amin'ny alalan'ny vainga azo kirakiraina ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra								
Manisa sy manoratra isa tsimivakinanahary hatramin’ny 1000	Fanisana sy fanoratana hatramin’ny 1000 - Fanisana, famakiana, fanoratana, fanehoana - Fanasokajiana isa : anjatony, ampolony, ambiny	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanisa tsizatozato manomboka amin’ny 101 ka hatramin’ny 1000 amin’ny fampiasana kiefitrefitra 100 - hamaky tsy mihambahamba ireo isa 101 hatramin’ny 1000 - hanoratra ireo isa ao anatin’ny tabilaon’isa - hampifandray ny dikan’ny tarehimarika sy ny isan’ny angon-javatra amin’ny tanjozotran’isa voatetidrefy hatramin’ny 100 - hanasokajy ireo isa lehibe amin’ny alalan’ny fampiasana fafana fanisana (anjatony, ampolony, ambiny) <table><tr><td>AR</td><td>Z</td><td>F</td><td>A</td></tr><tr><td></td><td></td><td></td><td></td></tr></table> -hanisa ireo isa lehibe amin’ny alalan’ny fanasokajiana azy eo amin’ny fafana fanisana Tetika amam-paika Fanasokajiana isa eo amin’ny fafana fanisa Fitaovana -Tabilaon’isa isa lehibe -Fafana fanisana -Tanjozotran’isa voatetidrefy	AR	Z	F	A				
AR	Z	F	A							
Tombana - Manisa tsizatozato manomboka amin’ny 101 ka hatramin’ny 1000 ny mpianatra. - Mamaky tsy mihambahamba ireo isa 101 hatramin’ny 1000 amin’ny alalan’ny tabilaonisa ny mpianatra. - Manisa amin’ny alalan’ny fanasokajiana ireo isa ho anjatony, ho ampolony ary ho ambiny ny mpianatra. - Manoratra isatsimivakinanahary hatramin’ny 1000 ny mpianatra.										

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandahatra isa tsimivakinanahary hatramin'ny 1000	Fandaharana isa hatramin'ny 1000 - Fampitahana ireo isa hatramin'ny 1000 - Isa marika	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampitaha sy handahatra isa amin'ny alalan'ny fijerena ireo isan'ny tarehimarika mandrafitra ny isa (anjatony, ampolony, ambiny) - hampitaha sy handahatra isa amin'ny alalan'ny fampiasana isa atao ho marika - hita eo amin'ny ampahana tanjozotranisa na tabilaonisa - hampitaha sy handahatra isa amin'ny fampiasana evan'ny fampitahana : « > » (maro noho ny), « < » (vitsy noho ny), ary « = » (mitovy amin'ny) Tetika amam-paika Tekinikan'ny famahavahana (fomba lojika sy rafitra amin'ny fandaharana isa) Fitaovana - Ampahana tanjozotranisa - Tabilaonisa

Tombana

Mampitaha ary mandahatra isatsimivakinanahary hatramin'ny 1000 ny mpianatra

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho antsoratra ny isa tsimivakinanahary 1 hatramin'ny 1000	Fanehoana isa ho an- tsoratra hatramin'ny 1000 Fanoratana ho tarehintsoratra ny isa 1–10, isa 11–20, isa 21–99, isa 100–200, isa 201–1000	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamaky isa aseho azy - hanoratra izany ho tarehintsoratra - hamadika isa voasoratra ho tarehintsoratra na tarehimarika - hampiasa tabilaonisa na tanjozotranisa - amin'ny famadihana isa Tetika amam-paika - Fampifandraisana ny tarehimarika sy ny tarehintsoratra - Asa samirery na asa tarika Fitaovana - Tabilaonisa - Tanjozotranisa - Karatra tarehintsoratra

Tombana

Manoratra tsy misy diso ny isa tsimivakinanahary 1 hatramin'ny 1000 ho tarehintsoratra ny mpianatra.

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamahavaha sy mamondrona ireo isa tsimivakinanahary hatramin'ny 1000	Famahavahana sy amondronana isa hatramin'ny 1000 - Famahavahana sy famondronana isa - Antsasaky ny angona iray - Isa ankasa sy isa tsy ankasa - Fanehoana isankarazany sy eva matematika - Fanehoana isa iray amin'ny fomba samihafa	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamahavaha sy hanambatra isa amin'ny fitaovana azo kirakiraina - hamantatra ny antsaky ny angona sy ny avo roa heny amin'ny fizarana angonjavatra ho vondrona roa mitovy - hamanatatra isa ankasa sy tsy ankasa amin'ny alalan'ny fitaovana sy tarehimarika - hampifandray ireo karazana fanehoana isa: fitaovana, fanoratana, kisary, tarehimarika, eva matematika - haneho isa iray amin'ny fomba samihafa amin'ny asamarika manampy sy manala Tetika amam-paika - Famahavahana isa - Fanambarana isa - Fizarana angon-javatra ho vondrona 2 mitovy - Fampifandraisana ireo karazana fanehoana isa Fitaovana - Fitaovana azo kirakiraina - Kisary
Tombana - Mamahavaha sy mampivondrona isa amin'ny fitaovana azo kirakiraina ny mpianatra. - Mampifandray ireo karazana fanehoana isa ny mpianatra. - Maneho isa iray amin'ny fomba samihafa amin'ny asamarika manampy sy manala ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamantatra ireo isa 1001 hatramin'ny 10000	Famantarana isa 1001 hatramin'ny 10000 - Isa tsimivakinanahary : am-polony, anjatony, anarivony - Famantarana isa : famakiana, fanoratana, fanehoana, fampitahana, fandaharana - Tanjotran'isa, kiefitrefitry ny 1000, fanisana tsiarivoarivo, isa marika	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanisa sy hamaky isa tsiarivoarivo manomboka amin'ny 1000 hatramin'ny 10000 ary hanoratra azy - hampitaha sy handahatra isa 1001 hatramin'ny 10000 - hamahavaha sy hamondrona isanarivony hatramin'ny 10000 amin'ny taratasy kivolavola - hanisa tsikelikely : 1001-4000, 4001-7000, 7001-10000

		Tetika amam-paika - Fanisana misonga sy mijotso - Fampitahana sy fandaharana isa - Famahavahana sy famondronana Fitaovana - Tanjozotranisa voatetidrefy - Taratasy kivolavola
Tombana Mamantatra ireo isa 1001 hatramin'ny 10000 amin'ny alalan'ny famakiana, fanisana ary fampitahana eo amin'ny tanjozotranisa ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho ny hevitra ny ampaha manana mpanondro 2, 3 na 4 izay latsaka na mitovy amin'ny 1	Fanehoana ny ampaha manana mpanondro 2,3 na 4 izay latsaka na mitovy amin'ny 1 • Ampaha latsaky ny 1 • Mpanondro 2, 3 ary 4 • Kisary sy ampaha mifanaraka aminy • Ampaha mitovy • Ampaha amin'ny fiainana andavanandro	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampiasa kisary sy fitaovana azo kirakiraina hanehoana ampaha (1 ;1 ;1; 2 3 4) - hampifandray kisary iray sy ny ampahany mandrafitra azy - hametraka ampaha eo amin'ny tanjozotranisa - hampitaha ampaha mitovy amin'ny alalan'ny kisary - hampifandray ampaha amin'ny tranga amin'ny fiainana andavanandro - hamaha sehatr'olana tsotra momba ny ampaha Tetika amam-paika - Fampitahana ampaha - Fampifandraisana amin'ny fiainana andavanandro - Famahana sehatr'olana tsotra Fitaovana - Kisary jeometrika  = 1 2     = 1 4 - Taratasy misy kiefitrefitra

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
		 - Tanjozotranisa - Kisary maneho marolafy
Tombana Maneho ny hevitra ny ampaha manana mpanondro 2, 3 na 4 amin'ny alalan'ny fizarazarana mitovy ny mpianatra.		

ASAMARIKA

Fahendrena voizina : hentitra, fandraisana andraikitra

faharetany: 60 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamaha sehatr'olana mifandray amin'ny fifanampiana sy ny fifanalana isa tsimivakinanahary hatramin'ny 1000	Famahana olana mifandray amin'ny fifanampiana sy ny fifanalana • Olan'ny fifanampiana sy fifanalana • Fanambarana sy fampitahana • Tetika : faminavinana sy fitanisana • Fifanampiana sy fifanalana isa mandeha na tsy misy • Asamarika mijoro sy • marindrano • Fomba fikajiana manokana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra karazana olana : manampy, manala, manambatra, mapitaha - hanombana valiny amin'ny alalan'ny faminavinana na fitanisana - hampitaha valin'ny asamarika am-bavana amin'ny eva matematika - hampiasa fomba fikajiana manokana - hanaovana asamarika - hanazava ny tetika ampiasaina amin'ny kisary, fitaovana na eva - hifampizara fomba fikajiana ao andakilasy Tetika amam-paika - Faminavinana - Fitanisana - Fomba fikajiana manokana - Asa samirery sy asa tarika Fitaovana - Kisary - Fitaovana fanisana
Tombana Mamahavaha sehatr'olana mifandray amin'ny fifanampiana sy fifanalana isa tsimivakinanahary hatramin'ny 1000 ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra																																																	
Mampiasa ny asamarika matematika hanaovana fampitomboana na fizarana hatramin’ny 25 (5x5)	Fampitomboana hatramin’ny 25 (5x5) ● Vondrona mitovy ● Fampitomboana na fanampiana miverimberina ● Fizarana na fanalana miverimberina ● Fifamadihan’ny singa amin’ny fampitomboana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - haneho fampitomboana amin’ny alalan’ny vondrona mitovy - hamaha sehatr’olana momba ny vondrona mitovy - hampifandray fampitomboana sy fizarana (fanampiana na fanalana miverimberina) <table><tr><td>X</td><td>0</td><td>1</td><td>2</td><td>3</td><td>4</td><td>5</td></tr><tr><td>0</td><td>0</td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr><tr><td>1</td><td></td><td>1</td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr><tr><td>2</td><td></td><td></td><td>4</td><td></td><td></td><td></td></tr><tr><td>3</td><td></td><td></td><td></td><td>9</td><td></td><td></td></tr><tr><td>4</td><td></td><td></td><td></td><td></td><td>16</td><td></td></tr><tr><td>5</td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td><td></td></tr></table> - hameno tabilaon’ny fampitomboana hatramin’ny 5x5 - hanatsoaka ny fifamadihan’ny singa : Ohatra $8 \times 7 = 7 \times 8$ Tetika amam-paika - Famahana sehatr’olana - Fampiasana vondrona mitovy - Fanampiana sy fanalana miverimberina Fitaovana - Maribavan’ny fampitomboana - Fitaovana fanisana	X	0	1	2	3	4	5	0	0						1		1					2			4				3				9			4					16		5						
X	0	1	2	3	4	5																																													
0	0																																																		
1		1																																																	
2			4																																																
3				9																																															
4					16																																														
5																																																			
Tombana Mampiasa nny asamarika matematika hanaovana fampitomboana na fizarana hatramin’ny 25 (5 x 5) ny mpianatra.																																																			

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamaha olan'ny fampitomboana sy mizara isa mizara tsimivakinanahry hatramin'ny 1000	Fampitomboana sy fizarana hatramin'ny 1000 - Tetika faminavinana sy fitanisana - Fampitahana ny valiny - Fampitomboana sy fanampiana miverimberina	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanombana valiny amin'ny tetika faminavinana - hamaha olana fampitomboana sy fizarana amin'ny fitanisana (manisa angona, manisa mielanelana)

	Fizarana sy fanalana miverimberina ● Fafan'ny fampitomboana ● Fampitomboana isa misy tarehimarika 2 na 3 ● Famahana olana	- hampivelatra ny fampivondronana vondrona mitovy sy fitsinjarana mitovy - hampiasa fitaovana, kisary ary eva matematika amin'ny fampitomboana sy fizarana - hampifandray fanalana miverimberina sy fizarana ary fampitomboana - hanao asamarika fampitomboana sy hamaha olana amin'ny fiainana andavanandro <i>Tetika amam-paika</i> - Faminavinana/fanombatombanana - Fitanisana - Famahana sehatr'olana amin'ny fiainana andavanandro <i>Fitaovana</i> - Fitaovana fanisana - Kisary
Tombana ● Mampifandray ny asamarika fampitomboana sy fizarana ny mpianatra. ● Mamaha olan'ny fitsinajrana (fampitomboana sy fizarana) hatramin'ny 1000 ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manampy na manala isa tsimivakinanahary hatramin'ny 1000 ary mampiasa tetika kajy ankandrina	Fampiasana kajy ankandrina hatramin'ny 1000 ● Tetika kajy ankandrina : famenoana ● Fifamadihana amin'ny fifanampiana ● Isa indroa na isa indroa miampy 1, 2,... ● Fanambarana na famahavahana isa ● Fanampiana sy fanalana	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hampiasa famahavahana isa hahazoana isa ampolony - hampifamadika ny teorany isa mba hahamora ny fanampiana hampiasa isa indroa na isa indroa miampy 1, 2 - hanambatra na hamahavaha isa amin'ny kajy an-kandrina - hampiasa fanampiana hanaovana fanalana - hanova fanalana ho fanampiana mba hahitana valiny mora


		<i>Tetika amam-paika</i> - Kajy an-kandrina amin'ny tetika samihafa - Fampiasana ohatra amin'ny fiainana andavanandro <i>Fitaovana</i> - Fitaovana fanisana - Angon-javatra na kisary
Tombana Manampy na manala isa tsimivakinanahary hatramin'ny 100 amin'ny kajy an-kandrina ny mpianatra.		

ALIJEBA

Fahendrena voizina : fizakan-tena, toe-tsaina tia mamorona


Faharetany: 30 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mitrandraka ny fiverimberenana hita ao amin'ny tandahatra manara-pitsipika ahitana kisary mitamberina manana toetra 2 tsy mifampiankina	Fiverimberenana kisary mitamberina • Fanohizana tandahatra • Fanazavana kisary mitamberina • Fanovana ny fanehoana ny singa • Famoronana tandahatra manara-pitsipika	<i>Sahanasa</i> Tarihina ny mpianatra : - hamantatra kisary mitamberina (loko, endrika, toerana, refy, isa) - hanazava sy hanohy ny fiverimberenana - hamantatra ny singa tsy ampy ao amin'ny tandahatra manara-pitsipika - hanova ny fanehoana ny singa amin'ny fomba hafa - hamorona tandahatra manara-pitsipika vaovao <i>Tetika amam-paika</i> - Fanehoana tandahatra amin'ny fombai san-karazany - Fanoritsoritana ny fiverimberenana manara-pitsipika <i>Fitaovana</i> Kisary mitamberina manana toetra roa tsy mifampiankina
Tombana • Manoritsoritra sy manohy tandahatra manara-pitsipika ny mpianatra. • Manova ny fanehoana ireo singa amin'ny fomba hafa ny mpianatra. • Mamorona tandahatra manara-pitsipika vaovao ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mitrandraka ny fiverimberenana hita ao amin'ny tandahatr'isa manara-pitsipika misonga sy mijotso (elanelana 1 ; 5 ; 10 ; 25 ; 50 ; 100)	Fiverimberenana tandahatra misonga sy mijotso - Tandahatr'isa misonga sy mijotso - Fiverimberenana ny fanampiana - Fiverimberenana ny fanalana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - handinika tandahatr'isa misona na mijotso amin'ny tanjozotranisa  - hamantatra sy hanazava ny fiverimberenana (fanampiana na fanalana) - hanohy tandahatr'isa manara-pitsipika - hamantatra ny isa tsy ampy ao amin'ny tandahatra - hanova ny fanehoana ny tandahatra amin'ny fomba hafa - hamorona tandahatr'isa manarapitsipika vaovao Tetika amam-paika - Fandinihana tranga tsotra - Fampiasana tanjozotranisa Fitaovana - Tandahatr'isa misonga na mijotso - Tanjozotranisa
Tombana - Manoritsoritra sy manazava ny fiverimberenana ary manohy tandahatr'isa ny mpianatra. - Manova ny fanehoana ny tandahatra amin'ny fomba hafa ny mpianatra. - Mamorona tandahatr'isa manara-pitsipika vaovao ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mitrandraka ireo fiverimberenana hita eo amin'ny tandahatra manarapitsipika misonga	Fiverimberenana tandahatra misonga - Tandahatr'isa manarapitsipika - Fiverimberenana - Kisary mitamberina - Laharana - Fanohizana tandahatra - Famorona tandahatra	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny fiverimberenana hita eo amin'ny tandahatra - hamantatra ny kisary mitamberina eo amin'ny tandahatra - hamantatra ny singa na ny anaran'ny ny kisary tsirairay mandrafitra ny tandahatra - hamantatra ny laharana mifanaraka amin'ny laharan'ny kisary - hanohy ny tandahatra - hamorona tandahatra manara-pitsipika vaovao

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
		Tetika amam-paika - Fanaovana ny kisary mitamberina ao anaty tandahatra - Asa samirery na asa an-tarika Fitaovana Tandahatra manara-pitsipika misonga
Tombana Mitrandraka ireo fiverimberenana hita eo ami'ny tandahatra manara-pitsipika misonga ny mpianatra.		


Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho tandahatra manara-pitsipika	Fanehoana tandahatra manara-pitsipika • Tandahatra manarapitsipika misonga • Kisary mitamberina • Kisary mitombo • Kisary roa samihafa firafitra sy endrika • Fanampiana miverimberina • Fanalana miverimberina	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - haneho ny fiverimberenana ao anaty tandahatra amin'ny fampiasana fitaovana maro - haneho fiverimberenana manarapitsipika manana firafitra AAB na miloko ABC amin'ny fampiasana fitaovana efa fantany - haneho tandahatr'isa amin'ny fampiasana tanjozotranisa na kiefitrefitrisa, ahafahana maneho isa 100 eo amin'ny 600 Tetika amam-paika - Fanovaovana ny firafitra, loko, ary fitaovana ampiasaina - Asa samirery na asa an-tarika Fitaovana - Vatokely, bokotra, kapsily - Voan-javatra (katsaka, tsaramaso, sns) - Vainga ara-jeometrika, kisary andemaka, kisary hafa - Tanjozotranisa  - Kiefitrefitrisa

Tombana


- Maneho tandahatra manara-pitsipika misonga amin'ny alalan'ny kisary mitamberina ny mpianatra.
- Maneho tandahatra manara-pitsipika amin'ny alalan'ny andiana isa ny mpianatra.

Fahendrena voizina : fizakan-tena, fitiavana ezaka sy fikatsahana ny tsara indrindra

Faharetany: 50 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manasokajy endrika jeometrika maromaro araka ny toetra mampiavaka azy	Fanasokajina endrika jeometrika • Kisary an-demaka :marolafy, maromira,marolafy samy hafa lafy • Toetra mampiavaka :tava, tendro, rirany • Vainga amin'ny fiainana andavanandro : goba, varingarina, telozodrirana... • Fanoritsoritana sy fanasokajiana endrika jeometrika	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanoritsoritra kisary an-demaka sy vainga jereny - hamantatra ny toetra mampiavaka azy - hanavaka maromira sy marolafy samy hafa lafy  Teza manapaka miisa 3  - hanavaka vainga - hampitaha sy hanasokajy endrika jeometrika araka ny toetrany Tetika amam-paika - Fanoritsoritana sy fampitahana - Fanasokajiana amin'ny alalan'ny sahanasa Fitaovana Endrika jeometrika (kisary an-demaka sy vainga)
Tombana Manoritsoritra, mampitaha ary manasokajy endrika jeometrika araka ny toetra mampiavaka azy ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho endrika jeometrika	Fanehoana endrika jeometrika - Fanoritana telolafy : mahitsizoro, miraranjo, miralafy - Mozirina : telozodrirana mahitsizoro, goba, varingarina, iraizotongotra	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanoritra telolafy mahitsizoro, miraranjo ary miralafy - hanoritra amin'ny taratasy voateboteboka na voatetika efajoro - hanoritra ny fototra sy tavan'ny vainga - hanamboatra mozirina goba, varingarina, telozodrirana ary iraizotongotra Tetika amam-paika - Fikirakirana baoritra na fitaovana hafa - Asa samirery na asa tarika Fitaovana - Endrika jeometrika - Baoritra na taratasy voateboteboka
Tombana Maneho kisary an-demaka sy vainga ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamahavaha sy manambatra marolafy hanamboarana marolafy hafa	Fanambarana sy famahavahana marolafy - Fanambarana marolafy - Famahavahana marolafy	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra marolafy mandrafitra marolafy iray - hanambatra marolafy hahazoana marolafy lehibe - hamahavaha marolafy ho marolafy kely - maromaro - hampiasa taratasy voateboteboka na baoritra  Tetika amam-paika - Fandinihana sary na kisary - Fampiasana tekinikan'ny famahavahana - Fanambarana marolafy Fitaovana Baoritra na taratasy marolafy
Tombana Mamahavaha sy manambatra marolafy hanamboarana marolafy hafa ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Maneho ny drafitsary ny habaka voafetra sy ny mari-toerana mifanaraka amin'izany	Fanehoana drafitsary • Drafitsarin'ny efitrano fianarana • Drafitsarin'ny sekoly • Mari-toerana : ankavia, ankavanana, aloha, aoriana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hametraka fitaovana araka ny mari-toerana - haneho an-tsary ny drafitsaran'ny efitrano fianarana - haneho an-tsary ny drafitsaran'ny sekoly (tsy voatery hanaja ny refy tena izy) Tetika amam-paika Fandinihana ny manodidina Fitaovana - Fitsipika - Taratasy - Pensilihazo
Tombana Maneho ny drafitsary ny habaka voafetra sy ny mari-toerana mifanaraka amin'izany ny mpianatra.		


Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamantatra ny fanovana jeometrika	Famantarana fanovana jeometrika • Fikisahana marindrano : miankavia, miankavanana • Fikisahana mijidina : miakatra, midina • Toetra mampiavaka ny fikisahana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny fikisahana na fifindrana toerana kisary - hamindra kisary amin'ny fikisahana marindrano sy mijidina - hanoritsoritra ny fikisahana natao Tetika amam-paika - Fandinihana ny sehatra andavanandro - Fanoritsoritana Fitaovana Taratasy voateboteboka
Tombana • Mamindra kisary amin'ny fikisahana marindrano sy mijidina ny mpianatra. • Manoritsoritra ny fikisahana natao ny mpianatra		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manavaka ny zoro mahitsy, zoro filo ary zoro dombo	Fanavahana zoro - Karazana zoro : mahitsy, filo, dombo - Fampitahana zoro	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanondro zoro hita amin'ny zavatra andavanandro (latabatra, varavarana, sns) - hamantatra ny zoro mahitsy amin'ny sisin-databatra na taratasy naforitra - hampitaha ny zoro amin'ny zoro mahitsy - hanavaka ny zoro filo sy zoro dombo Tetika amam-paika Fandinihana ny manodidina Fitaovana Endrika jeometrika na kisary
Tombana Manavaka ny zoro mahitsy, zoro filo ary zoro dombo ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manamboatra telolafy mahitsizoro, miraranjo ary miralafy	Fanamboarana telolafy - Telolafy mahitsizoro, miraranjo, miralafy - Famoretana taratasy - Fampiasana fitsipika sy sokera	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny toetra mampiavaka ny telolafy tsirairay - hanoritra telolafy mahitsizoro amin'ny refy omena - hanoritra telolafy miraranjo amin'ny refy omena - hanoritra telolafy miralafy amin'ny refy omena - hampihatra amin'ny olana andavanandro (haingo, saina, kisary) Tetika amam-paika - Fikirakirana fitaovana - Asa samirery Fitaovana - Endrika jeometrika - Taratasy matevina, kisary - Fitsipika, sokera
Tombana Manamboatra telolafy mahitsizoro, miraranjo ary miralafy ny mpianatra.		

Fahendrena voizina : fisainana mitsikera, fahamarinan'ny refy

Faharetany: 19 ora

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandrefy halavana sy velarana	- Fandrefesana halavana sy velarana - Venty fandrefesana: milimetatra (mm), desimetatra (dm), santimetatra (cm), metatra (m) - Fandrefesana velarana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny hevitra ny venty iraisam-pirenena : mm - hanavaka ny karazana venty iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fampitahana sy ny fikirakirana - handrefy amin'ny fampiasana venty iraisam-pirenena : m, dm, cm, mm - hisafidy venty iraisam-pirenena mifanaraka - amin'ny halavana refesina. Andavany  Ampohiny - hanisa efajoro amin'ny taratasy voatetika efajoro handrefesana velarana - hampitaha velaran-javatra roa Tetika amam-paika - Fikirakirana fitaovana - Fandinihana ny manodidina Fitaovana - Fitsipika na metatra - Venty ifanarahana toy ny efajoro na efamira
Tombana - Mandrefy halavana amin'ny m, dm, cm, mm ny mpianatra. - Mandrefy sy mampitaha velarana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mandrefy ny fiatian'ny goro amin'ny fampiasana venty iraisam-pirenena	Fandrefesana fiatina - Venty fandrefesana : - litatra (L) - desilitatra (dL), - santilitatra (cL), - mililitatra (mL)	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny hevitra ny venty iraisam-pirenena : L, dL, cL, mL - handrefy ny fiatian'ny goro amin'ny fampiasana venty iraisam-pirenena : L, dL, cL, mL - hisafidy venty iraisam-pirenena mifanaraka amin'ny fiatiana refesina. Tetika amam-paika - Fikirakirana fitaovana - Fampiasana tekina'ny fampitahana Fitaovana - Goro maromaro - Venty fandrefesana toy ny zinga, tavoahangy
Tombana - Mampitaha ny fiatian'ny goro 2 na 3 amin'ny venty iraisam-pirenena L, dL, cL, mL ny mpianatra. - Mandrefy ny fiatian'ny goro samihafa amin'ny venty iraisam-pirenena L, dL, cL, mL ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mamaha olana eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny alalan'ny fandrefesana	Fampiharana ny fandrefesana amin'ny olana andavanandro - Fandrefesana halavana - Fandrefesana manodidina - Fandrefesana velarana - Fandrefesana lanja - Fandrefedana fiatiana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hampiasa ny fifandraisana eo amin'ny fandrefesana halavana sy ny manodidina - hikajy ny velarana amin'ny fanisana efajoro na efamira mandrafitra azy - hampiasa ny fifandraisana eo amin'ny fandrefesana lanja - hampiasa ny fifandraisana eo amin'ny fandrefesana ny ny fiatian'ny goro Tetika amam-paika Fampiasana tekina'ny fampitahana Fitaovana - Fitsipika - Mizana - Goro manana fiatiana samihafa - Endrika jeometrika
Tombana Mahavaha olana fahita eo amin'ny fiainana andavanandro amin'ny alalan'ny fandrefesana halavana, manodidina, velarana, lanja ary fiatiana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mahavaha olana amin'ny fampiasana vola hatramin'ny 10 000 Ariary	- Fampiasana vola - Karazana vola taratasy hatramin'ny 10 000	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hanavaka karazam-bola amin'ny seho andakilasy - hampifandray vola amin'ny fiainana andavanandro - hamerim-bola mifanaraka amin'ny vidin'entana Tetika amam-paika Seho sehatra Fitaovana Vola na kisarim-bola
Tombana Mahavaha olana amin'ny fampiasana vola hatramin'ny 10000 Ariary ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampiasa ny fandrefesana fotoana hamaha olana andavanandro	Fandrefesana fotoana - Ora marina sy ora arahina minitra - Famataranandro (fanjaitra sy tetik'isa) - Faharetan'ny tranga - Tetiandro	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamaky ora marina sy ora miaraka amin'ny minitra - hampifandray ny fotoana (1 ora = 60 minitra, sns) - hikajy ny faharetan'ny tranga iray Tetika amam-paika - Fandinihana ny manodidina Fitaovana - Famataranandro misy fanjaitra na tetik'isa
Tombana Mahavaha olana andavanandro amin'ny fampiasana ny refin'ny fotoana ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra												
Manangona sy maneho an-tsary ny valin'ny fanadihadiana	- Fanangonana sy fanehoana valiny - Fananganana tabilao - Tabilao ahitana kisary fanehoana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - handrindra sy hanasokajy ny valiny ao anaty tabilao - hampiasa loko na kisary hanehoana ny valiny - hamaky sy hanazava ny tabilao oh: <table> <tr> <td>Sokajy na safidy</td><td>Fanisana ny sokajy na safidy</td><td></td></tr> <tr> <td>Manipy baolina sady manisa 10</td><td></td><td>12</td></tr> <tr> <td>Fanenjika azo dia namana.</td><td></td><td>10</td></tr> </table> <table> <tr> <td>Lalao baolina</td><td></td><td>15</td></tr> </table> Tetika amam-paika Fanaovana fanadihadiana Fitaovana Tabilao fanehoana	Sokajy na safidy	Fanisana ny sokajy na safidy		Manipy baolina sady manisa 10		12	Fanenjika azo dia namana.		10	Lalao baolina		15
Sokajy na safidy	Fanisana ny sokajy na safidy													
Manipy baolina sady manisa 10		12												
Fanenjika azo dia namana.		10												
Lalao baolina		15												
Tombana Manangona sy maneho an-tsary ny valin'ny fanadihadiana ny mpianatra.														

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Mampitaha antontanisa aseho amin'ny kisary na tabilao	- Fampitahana antontanisa - Singa mandrafitra kisary - Tabilao fanehoana - Fampitahana	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamaky sy hamakafaka ny kisary na tabilao - hampitaha ireo antontanisa aseho - hamoaka ny hevitra fonosin'ny tabilao - hanazava ny vaovao naseho - handray fintina


		<i>Tetika amam-paika</i> Famakafakana vaovao <i>Fitaovana</i> - Kisary fanehoana - Tabilao
Tombana Mamaky, mamakafaka ary mampitaha antontanisa aseho amin'ny kisary na tabilao ny mpianatra.		

Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
Manavaka ny vinan'ny tranga mety hiseho aorian'ny andrana	Fanavahana vinan'ny tranga mety hiseho • Tranga mitombina na tsia • Valiny mety hiseho • Andrana tsotra	Sahanasa Tarihina ny mpianatra : - hamantatra ny hevitra ny voambolana hoe : mitombina sy tsy mitombina - hanavaka fehezanteny tsotra manoritsoritra tranga amin'ny alalan'ny fiteny hoe : mety na tsy mety mihitsy - hitanisa ireo valiny mety mitombina amin'ny fanoharana tsotra miainga amin'ny sehatr'olana iainana andavanandro - hanao fanandramana tsotra, toy ny fisintonana mifanesy vainga ao anaty harona na boaty, na tsipy/fitorahana kodiakely - hametraka tranga azo avy amin'ny fanandramana eo amin'ny maridrefin'ny vina mampiasa ireto voambolana ireto : tsy mitombina na tsy miseho mihitsy, mety hiseho, manakaiky kokoa ny mety hiseho, lavitry ny mety hiseho, tsy maintsy hiseho  - hampitaha tranga tsotra roa avy amin'ny andrana mitovy eo amin'ny tsipika mety hiseho - hamoaka tsoa-kevitra mifanaraka amin'ny tranga iray

		<i>Tetika amam-paika</i> - Fandinihana sehatr'olana - Fampiasana fitaovana azo kirakiraina <i>Fitaovana</i> - Vainga - Harona na boaty - Kodiakely
Tombana Manavaka ny vinan'ny tranga mety hiseho aorian'ny andrana ny mpianatra.		

TOVANA A : TOROVOLANA

- **Ampohiny / Andavany** : lafiny fohy sy lava amin'ny kisary mahitsizoro
 - **Antontan'isa / Antontan-kevitra** : tarehimarika avy amin'ny fanadihadiana / hevitra amin'ny teny
 - **Asamarika mampitombo (×)** : fanorenana avy amin'ny sary
- Ohatra 1 : $2+2+2= 2 \times 3$ (2 miverina in-3) ;
- Ohatra 2 : $6 +6+6+6 = 6 \times 4= 24$ sy $4+4+4+4+4+4 = 4 \times 6 =24$



- **mizara (÷)** : isa ho zaraina = isan'ny singa, isa mizara = isan'ny vondrona
 - **Dingam-pirosoana** : dingam-pivoarana
 - **Drafi-pikajiana** : fomba fikajiana mazava
 - **Endri-tsary jeometrika** : kisary an-demaka sy vainga
 - **Firafitra** : kisary miverimberina
 - **Fisarihana / fanandramana**. Ohatra : misintona zavatra avy ao anaty boaty
 - **Habetsahan-javatra / Hamaroan-javatra** : angona tsy voaisa / afaka isaina
 - **Hatetika** : isan'ny fiverimberenan'ny valiny mety
 - **Isa ampaha**
- **Ohatra** : $3 = \text{telo ampahaefatra fa tsy hoe telo ambonin'ny efatra } 4$
- Isa avo roa heny
- **Ohatra**: ny isa avo roa henin'ny 2 dia 4

- Isa marika

Fampitahana isa amin'ny fampiasana isa marika

Ohatra : ampitahao ny 467 sy ny 523

Raisina ho isa marika entina mampitaha eto ny isa 500

$467 < 523$, satria $467 < 500$ ary $523 > 500$

- Kajy ankandrina / tetika amam-paika

a. famenoana Ohatra : $44 + 36 = 44 + 6 + 30 = 50 + 30 = 80$

b. fampifamadihana Ohatra : $6 + 284 = 284 + 6 = 290$

d. isa indroa na isa indroa + 1 na 2 na... Ohatra : $25 + 28 = 25 + 25 + 3 = 50 + 3 = 53$

e. fanambarana isa na famahavahana isa Ohatra : $44 + 37 = 40 + 30 + 4 + 7 = 70 + 11 = 81$

f. mampiasa fanampiana mba hanaovana asamarika manala ohatra : $310 - 45 = ?$ lasa $245 + ? = 310$

• **Tabilao ahitana kiefitrefitra mahitsizoro** : tabilao maneho ny isan'ny safidin'ny mpianatra ka kiefitrefitra mahitsizoro iray mira safidy iray

- Tandahatra manara-pitsipika misonga

Ohatra



Kisary 1



Kisary 2



Kisary 3



Kisary 4

Ny fiverimberenana hita eto amin'ny tandahatra dia kisary tsirairay dia manana tsanganana efamira roa maitso eo ankavia mihoatra amin'ny kisary afarany ny kisary manaraka).

Ny kisary mitamberina hita eo amin'ny tandahatra dia  no kisary voalohany izay ampiana tsanganana efamira roa maitso hatrany hatrany

Ny singa dia efamira maitso sy efamira mavo

Ny kisary 1 no hita eo laharana voalohany

Tandahatra manara-pitsipika ahitana kisary mitamberina manana toetra 2 tsy

mifampiankina sy firafitra mampiavaka azy

ohatra



Ny kisary  dia mitamberina. Isaky ny singa dimy, ny kisary mena dia lasa maitso.

- Voankevitra (na concept) : hevitra manodidina ny zavatra ianarana.

Ohatra : voankevitry ny isa ; voankevitry ny asamarika manampy.

TOVANA B : AHOANA NO FOMBA HIFEHEZANA NY MATEMATIKA ?

Ny fifehezana matematika dia :

- mahatakatra ny **voankevitra** ;
- mampihatra ny **fitsipika** ;
- mahay **mamaha olana**.

Ny mpianatra dia :

- manazava sy manome ohatra ;
- mampihatra amin'ny kajy sy kisary ;
- mampiasa matematika hamahana olana amin'ny fiainana andavanandro

TOVANA D : DINGANA ANKAPOBEANY AMIN'NY FAMAHANA OLANA HO AN'NY TARANJA MATEMATIKA

- Miainga amin'ny sehatr'olana fahita amin'ny fiainana an-davanandro
- Mandika ny sehatr'olana ho matematika
- Mampiasa fitaovana matematika (sary, isa, fomba fikajy, fitsipika)
- Manamarina / manaporofa / manazava sy mamp

TOVANA B : AHOANA NO FOMBA HIFEHEZANA NY MATEMATIKA ?

Ny fifehezana matematika dia :

- mahatakatra ny **voankevitra** ;
- mampihatra ny **fitsipika** ;
- mahay **mamaha olana**.

Ny mpianatra dia :

- manazava sy manome ohatra ;
- mampihatra amin'ny kajy sy kisary ;
- mampiasa matematika hamahana olana amin'ny fiainana andavanandro

TOVANA D : DINGANA ANKAPOBEANY AMIN'NY FAMAHANA OLANA HO AN'NY TARANJA MATEMATIKA

- Miainga amin'ny sehatr'olana fahita amin'ny fiainana an-davanandro
- Mandika ny sehatr'olana ho matematika
- Mampiasa fitaovana matematika (sary, isa, fomba fikajy, fitsipika)
- Manamarina / manaporofa / manazava sy mampiseho ny valiny

Ohatra

Voka-pianarana manokana : Manampy isa tsimivakinanahary 1 hatramin'ny 40, tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa.

- Sehatr'olana fahita amin'ny fiainana an-davanandro : mitady ny fitambaran'ny boky azon'ny mpianatra kilasy T1.
- Rehefa mitady ny fitambarany dia mampiasa ny asamarika manampy (+)
- Fanehoana ny asamarika amin'ny alalan'ny kisary ary fampidirana ny eva : $+ sy =$ Manambatra ny isan'ny boky ahitana ny valin'ny sehatr'olana. iseho ny valiny

Ohatra

Voka-pianarana manokana : Manampy isa tsimivakinanahary 1 hatramin'ny 40, tsy misy mandeha amin'ny fampiasana tetika amam-paika samihafa.

- Sehatr'olana fahita amin'ny fiainana an-davanandro : mitady ny fitambaran'ny boky azon'ny mpianatra kilasy T1.
- Rehefa mitady ny fitambarany dia mampiasa ny asamarika manampy (+)
- Fanehoana ny asamarika amin'ny alalan'ny kisary ary fampidirana ny eva : $+ sy =$
- Manambatra ny isan'ny boky ahitana ny valin'ny sehatr'olana.

ZAVAKANTO

ZAVA-KENDREN'NY FANDAHARAM-PIBEAZANA

Ny taranja **Zavakanto** dia mikendry ny hampivelatra ny fahaiza-manaon'ny mpianatra :

- maneho hevitra sy fihetseham-po amin'ny alalan'ny kanto ;
- mamorona sy mampiasa ny sainy amin'ny asa kanto ;
- mankasitraka sy manaja ny sanganasa kanto ;
- hampivelatra ny fahaiza-misaina sy ny fahaiza-mitsara ;
- mampiasa ny zavakanto ho fitaovam-pifandraisana sy fanehoan-kevitra. Ankoatra izany dia mikendry ihany koa ny :
 - hahafantaran'ny mpianatra ny kolontsainy sy ny maha izy azy ;
 - hanomezana lanja ny kolontsaina isam-paritra sy nasionaly ;
 - hampivelatra ny maha olom-pirenena amin'ny alalan'ny fanajana ny hafa sy ny fiaraha-monina ;
 - hanomana ny mpianatra hiaina eo amin'ny fiaraha-monina sy ny tontolon'ny asa.

FANDAMINANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ny taranja **Zavakanto** dia mizara ho zana-taranja efatra :

- **Hairaha ara-endrika amam-bika** : sary, hosodoko, sokitra ;
- **Mozika** : fihirana, fitendrena, famoronana hira ;
- **Dihy** : fandihizana, fihetsika, famoronana dihy ;
- **Fiseharana** : filalaovana, seho, fanehoana amin'ny vatana sy feo

FITARIHANA ARA-PEDAGOJIA ANKAPOBENY

Ireto ny fomba tsotra hanatanterahana ny fampianarana :

- atomboka amin'ny zavatra efa fantatry ny mpianatra sy mahakasika azy ny lesona ;
- omena sehatra hiteny, hamorona ary handray anjara ny mpianatra ;
- amporisihina hiara-miasa sy hifanaja ny mpianatra ;
- ampiasaina ny fitaovana tsotra sy hita eo an-toerana ;
- ampirisihina ny mpianatra hijery, handinika ary hitsikera sanganasa ;
- ampiasaina ny zavakanto ho fomba hifandraisana sy hanehoana hevitra

LANJAN' ORA : 2 ora isan-kerinandro

VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY (VPA)

ZANA-TARANJA	VOKA-PIANARANA ANKAPOBENY
Hairaha ara- endrika amam- bika	Manao sary manana 2D (an-demaka) sy sary manana endrika 3D (mivohitra) amin'ny fampiasana teknika tsotra
	Mampita hafatra mazava amin'ny alàlan'ny sary
	Miresaka sy manazava ny sangnasa nataony sy ny an'ny hafa
Mozika	Mihira na milalao hira nentim-paharazana sy maoderina (irery na an- tarika)
	Mihira na milalao hira nentim-paharazana sy maoderina (irery na an- tarika)
	Mihaino sy mankafy mozika taloha sy ankehitriny
Dihy	Mandihy dihy nentim-paharazana sy maoderina (irery na an-tarika)
	Mamorona fihetsika tsotra amin'ny dihy
	Mankafy dihy sy soradihy samihafa
Fiseharana	Mamorona tantara an-tsehatra tsotra
	Milalao ampahana fiseharana
	Mankafy seho an-tsehatra nataon'ny tena sy ny hafa

FAFAN'NY VOTOATINY

ZANA-TARANJA	VOTOATINY
Hairaha ara- endrika amam- bika	● Teboka ● Tsipika ● Kalitaon'ny tsipika ● Fanaovana sary mampifandray tsipika sy endrika ● Habaka ● Habe ● Fizotran'ny tsipika ● Endrika jeometrika ● Endrika organika ● Tsipika tsy taka-maso ● Loko faharoa ● Fampiasana loko voalamina ● Fampiasana « pigment coloré » ● Fanehoana ny halalina avy amin'ny tsipika tsy taka-maso ● Fampiasana loko ● Fandaminana habaka ● Fitanisana, fi fanindriana ary fi fanandrifi ana amin'ny fanaovana sokitra ● Teknika amin'ny sokitra

ZANA-TARANJA	VOTOATINY
Mozika	● Fianakavian'ny « percussion » sy ny fomba famokarana feo ● Hamafin'ny feo ● Angolam-peo ● Fiovana tsotra ● Fihirana miaraka ● Fanajana gadona sy lantom-peo ● Fihainoana sy fanitsiana tena ● Feo ● Fampifangaroana feo sy zavamaneno ● Fandaminana tsotra ny anjara asa ● Gadona « Polyrythmie »
Dihy	● Fitohizam-pihetsika ● Fihetsika amin'ny vatana ● Gadona ● Fiovana amin'ny dihy arakaraka ny gadona ● Ambaratonga ● Fampifangaroana ambaratonga ● Fandaminana vondrona ● Fampiasana habaka
Fiseharana	● Mpandray anjara ● Fampiasana ● Fanehoana toetra ● Haavon'ny feo ● Hamafi n'ny feo ● Fampifanarahana feo sy toetra ● Fizarana anjara ● Fifandimbiasana fi teny sy fi hetsika ● Fiaraha-miasa amin'ny seho ● Firafitry ny tantara ● Famoronana tantara tsotra

Fahendrena voizina : Saina tia mamorona, fankamamiana ny tsara

Faharetany: Sary : 11 ora / Hosodoko : 11 ora / Sokitra : 11 ora

SARY		
Voka-pianarana manokana	Votoatiny	Torohevitra sy tari-dalana enti-mampianatra
